

Ny tantaran'i RAMAHVALY

- 1- Ramahavaly, dia avy any Inatitanana ao ^oany ny Kongatsa -avy any no nihaviany.
- 2- Tamin'Andrianampoininerina, dia niakatra tany Imerina Itsiniadihitsiny, (Andrian-dahy avy any Inatitanana io) ka nitondra an-dRamahavaly niakatra eny Ambohinanga, fa tamin'izay dia efa nanaiky ho Merin-tokana Imerina enin-toko.
- 3- Ary nony tonga Itsiniadihitsiny, dia namantana tao Antananarivo, ka nanontany olona hoe :
 - "Aiza moa izao no nisy an'Andrianampoininerina ?
 - Dia hoy ilay olona nanontaniany :
 - "Tonga avy aiza izato tanindrana ?
 - Dia hoy ingahibe Ratsiniadihitsiny :
 - "Avy any Tainoro ao Inatitanana ahay, aba.
 - Ary hoy indray zana-tany :
 - "Aiza moa ry Ingahy no Inatitanana ?
 - Dia hoy rangahy :
 - Ao ^oatsimoantsinanan'Ikongo, lavidavitra hiany.
 - Dia hoy indray ilay ^ozanan-tany :
 - "Aiza koa moa, rangahy, no nisy any Ikongo ?
 - Dia hoy izy :
 - "Any atsino ^oantsinanany Ratsa izay atao hoe Ambondrombe.
 - Dia hoy ilay ^ozanan-tany :
 - "Any amin'izany Ambondrombe izany moa Rangahy no fodianao rehefa maty hianao ?
 - Dia hoy izy :
 - "Eny".
- 4- Dia nitsahatra tamin'izay ny resak'izy roalahy, fa tsy mbola nahazo fototra izay nisy an'Andrianampoininerina Ratsiniadihitsiny,

L'histoire de RAMAHAVALY

Ramahavaly vient de Imatitanana, de Kongatsa -c'est de là -1
qu'il est venu.

Au temps d'Andriananpoininerina, Itsiniadihitsiny (c'était un -2
noble venant du Matitanana) monta en Emyrne et, porta Ramahavaly dans
le village perché d'Ambohinanga, car à cette époque, l'Emyrne-aux-six
provinces avait déjà accepté d'être un seul peuple merina.

En arrivant Itsiniadihitsiny se rendit directement à Tananarive -3
et interrogea quelqu'un en ces termes :

- "Où est donc Andriananpoininerina en ce moment ?

L'homme interrogé répondit :

- "D'où arrivez-vous, homme du bas pays ?

Le respectable Ratsiniadihitsiny répondit :

- "Nous venons du pays temoro du Matitanana, père.

Et l'enfant du pays reprit :

- "Monsieur, où donc se trouve Imatitanana ?

Alors l'homme répondit :

- "Au sud-est de l'Ikongo, encore assez loin.

L'enfant du pays dit à nouveau :

- "Monsieur, où donc aussi se trouve l'Ikongo ?

Il répondit :

- "Au sud-est de Ratsa que l'on appelle Ambondrombe".

Cet enfant du pays dit :

- Est-ce dans cet Ambondrombe, Monsieur, que vous retournerez quand
vous serez mort?

Il répondit :

- Oui ".

La conversation des deux hommes cessa alors, mais Ratsiniadihi- -4
tsiny n'avait pas obtenu de réponse à sa question et ne savait toujours

fa mbola variana ny fanontanian'ilay zana-tany teo aloha.

- 5- Dia lasa nody ilay olona zana-tany, fa Rangahy Ratsimiadihitsiny dia nilaozany teo an-tokontany foana teo (fa ilay olona lasa kosa noa tsy tompon-trano fa npandalo fotsiny). Dia nitanàka foana teo Rangahy, fa vahiny noa, ka sady/^{tsy}mbola tao ny tompon-trano tamin'izay.
- 6- Ary nony harivariva ny andro, dia tonga ny tompon-trano, ka gaga, fa indreto nisy vahiny hafahafa avy lavitra teto antanana.
- 7- Dia nanontany azy ny tompon-trano hoe :
- "Vahiny avy aiza izato hianareo ry Ingahy ?
- Dia namaly Ingahy hoe :
- "Avy any Inatitanana ao ^oany ny Kongatsa aba ahay.
- Dia hoy ilay tompon-trano :
- "Ka mba inona kosa no nahatongavanareo aty ?
- Dia hoy Ratsimiadihitsiny :
- "Mba hamangy ny Andriana, abako, no nahatongavanay aty.
- Dia hoy ilay tompon-trano :
- "Hafiriana, ry Ingahy, no nialanareo tany ?
- Dia hoy Ingahy :
- "Roatokom-bolana sy indroa andro izay no nialànay tany.
- Dia hoy ilay tompon-trano :
- "Mandrosoa ato an-trano ary Rangahy, fa sasatra izany hianareo.

pas où était Andrianampoininerina car il s'était laissé distraire par les questions de l'enfant du pays.

Cet homme du pays rentra chez lui, abandonnant Monsieur Ratsimihadihitsiny, là dans la cour (il faut dire que cet homme qui est parti n'était pas le propriétaire de maison, mais un simple passant). Le vieillard restait là oisif et surpris ; il était étranger et personne ne lui avait encore offert l'hospitalité car il se trouvait justement que le maître de maison était encore absent. -5

Et quand ce fut le soir, le maître de maison arriva ; et il fut surpris, car voici qu'il y avait dans sa cour d'étranges étrangers venus de loin. -6

Le propriétaire de la maison l'interrogea : -7

- "Vous êtes des étrangers qui venez d'où, Monsieur ?

Le vieillard répondit :

- "Nous père, nous venons de Kongatsa en Imatitanana.

Et le propriétaire de la maison reprit :

- "Et quel est donc la cause de votre venue en ce pays ?

Ratsiniadihitsiny dit :

- "C'est pour rendre visite au Prince, non père, que nous sommes venus ici.

Le propriétaire de la maison reprit :

- "Depuis combien de jours êtes-vous partis de là-bas ?

Le vieillard dit :

- "Cela fait trois semaines et deux jours que nous sommes partis de là-bas.

Le propriétaire de la maison dit alors :

- "Entrez donc dans la maison, Monsieur, car vous devez être fatigués".

- 8- Dia nandroso izy enin-dahy ireo, fa vao izay no nisy npampiditra an-trano. Rehefa sany tonga ao an-trano avokoa izy ireo, dia niteny taniny ilay tonpon-trano hoe :
- "Marary mafy izao ny zanako, ka raha nba nahalala fanafody hianareo oni-mianaka, dia nba ataovy izay nba fanahy fantatrareo, tonpokolahy, fa efa nandcha tanin-izao rehetra izao aho, ka nanokoana vola sy fananana avokoa ombieny ombieny, nefa tsy nisy nba nahatsaratsara azy akory, ka aza anafenana lahy, raha nba nisy fantatrareo :
- 9- Dia hoy ingahy Ratsiniadihitsiny :
- "Izao anie abako ny olona no nba te-ho havana (nantsy ny nanany nia-raka taniny).
- "Marina izany, hoy ireo nanany.
- 10- Dia niteny tanin'izay Ingahy Ratsiniadihitsiny hoe :
- "Aiza ary no nisy ny zanakao narary izao ?
- Dia hoy ilay tonpon-trano :
- "Nafindra ato avaratra izy, tonpokolahy, fa ao no tsara sikidy.
- Dia hoy Ratsiniadihitsiny :
- "Tsy hanao fanafody azy akory aho, fa aingao tany ny zanakao ho aty atsino dia ho sitrana.
- Dia nihazakazaka faingana ilay tonpon-trano, ka nanbeta ny zanany narary tao avaratra, ka nafindra ao atsino.
- 11- Ary nony tonga tao atsino ilay zaza narary, dia sitrana tokoa, ka nitsangana, toy ny tsy narary akory, nefa -ilay aretimbe iny.
- 12- Dia talanjona ny olona rehetra tao an-trano raha nahita izany, fa io aretina io, dia nandaniam-bola anan-pananabe, ka tsy nahasitrana

Alors les six hommes entrèrent et ce n'est qu'alors qu'il y eut quelqu'un pour leur offrir l'hospitalité. Quand tous furent entrés dans la maison, le maître de céans leur parla en ces termes :
- "Mon enfant est en ce moment très malade ; aussi si tous les six, vous connaissiez quelque remède, ayez la bonté d'agir conformément à votre science. Messieurs, car je suis déjà allé partout et j'ai laissé une part d'argent et de biens un peu partout sans qu'aucun ait pu lui procurer quelque amélioration. Aussi veuillez accepter de ne rien nous cacher si vous avez quelques lumières !

-8

Alors Monsieur Ratsiniadihitsiny dit :

- "Voici vraiment, mon père, des gens qui veulent devenir vos parents (il parlait de ses compagnons qui étaient avec lui).
- "C'est vrai, dirent ses compagnons."

-9

Alors Monsieur Ratsiniadihitsiny parla en ces termes :

- "Où donc est votre enfant malade en ce moment ?
Le maître de céans répondit :
- "On l'a transporté au nord, Monsieur, car d'après les graines c'est là le lieu favorable".

-10

Alors Ratsiniadihitsiny dit :

- "Je ne lui donnerai même pas de remède, mais enlevez votre enfant de là-bas, transportez-le ici au sud et il sera guéri".

Le maître de céans se précipita pour prendre son fils malade ; le souleva du nord où il était et le déplaça au sud.

Et quand l'enfant malade fut arrivé au sud, il fut vraiment guéri, il se mit debout comme quelqu'un qui n'aurait point été malade, alors que c'était cette grande maladie qu'on avait pu constater.

-11

Et tous les gens qui étaient dans la maison furent béats d'admiration, quand ils virent cela, car pour cette maladie, on avait

-12

azy akory izay nataon'ny Masina rehetra, izay ela izay, fa "harian-daninasina" avokoa, nefa izao dia -ny teny nataon-Ratsiniadihitsiny fotsiny hiary, dia nahasitrana azy.

13- Dia hoy ilay tompon-trano :

- "Iza avy no anaranareo, tompokolaha, fa olona hihavana isika ?

Dia hoy ingahy Ratsiniadihitsiny :

- "Marina izany, fa izaho dia : Ratsiniadihitsiny, Randriamahazonoroarivo sy Ratsinifaitsa (ireo izahay dia zanak'Andriana), Rabajila, Pamanitsero, Ingaina. Ireo abako no anarany, raha hianao manentany ny anarany.

14- Ary nony vita izany, dia faly ny tompon-trano, noho ny nanaretan'ny zanany, dia nanono vola ariary 1 sikajy 2, sy lamba iray azy 6 laka, ka nanao hoe :

- "Ireo, tompokolaha, no mba falifalimpo onenay anareo ; nefa tsy sa-haza ho anareo ireo, fa hianareo no nahasitrana ny aina.

15- Dia niteny Andriamahazonoroarivo hoe :

- "Tsy nisy havanay aty, fa hianareo no havana aty izao, fa -ny ala any ^oantsinanina no havanay, ka izao dia hianareo tratra aty no havanay, fa lavitra ny any ; ka noho izany, na dia tsy ho raisinay aza io vola arosonareo io dia tsy naninona.

dépensé beaucoup d'argent et de biens ; et tout ce qu'avaient fait les guérisseurs (1) n'avait pu le guérir, et cela depuis si longtemps, et tout cela ne fit qu'une richesse dépensée par les guérisseurs (2). Et pourtant maintenant, il a suffi des mots prononcés par Ratsiniadihitsiny pour qu'il ait pu guérir.

Le maître de céans dit alors :

-13

- "Quel est le nom de chacun de vous, Messieurs, car nous sommes gens qui allons devenir parents ?

Alors Monsieur Ratsiniadihitsiny répondit :

- "Cela est vrai ; moi je suis Ratsiniadihitsiny, et voici Randriamahazonoroarivo et Ratsinifaitsa. (Nous sommes tous trois fils de princes). Et voici Rabajila, Ramanitsero, Ingaina. Tels sont, mon père, leurs noms, puisque vous demandez quels sont nos noms.

Après cela, le maître de céans qui était heureux de la guérison de son enfant, donna aux six hommes une somme de sept francs vingt centimes et une toge, en disant :

-14

- "Voici, Messieurs, un petit cadeau de remerciement que nous vous donnons ; cependant ces objets ne sont pas dignes de vous, car c'est vous qui avez pu rendre la vie.

Andriamahazonoroarivo prit la parole et dit :

-15

- "Nous n'avons pas de parents ici, et c'est vous maintenant qui êtes ici nos parents, car c'est la forêt de l'est qui est notre parente. Et maintenant c'est vous que nous avons rencontrés ici qui êtes nos parents, car ceux qui sont là-bas sont loin. Et de ce fait, même si nous ne touchions pas cet argent que vous présentez, cela ne fait rien".

1) Masina semble mis ici pour omasina, synonyme de ombiasy.

2) C'est-à-dire, dépensé inutilement et irrécupérable. L'expression est synonyme de haren-daninbazo, "la richesse dépensée pour une maîtresse et à propos de laquelle on n'avait aucun recours."

16- Dia hoy ilay tompon-trano :

- "Raha tsy ho raisinareo hanina antànana izahay dia malahelo.

Dia hoy Ingaina :

- "Raiso aba io fa malahelo ny havantsika raha tsy raisina io.

17- Dia noraisiny io zavatra naroson'ny tompon-trano io, sady nisao-
tra azy izy. Dia nitony indray Ratsiniadihitsiny hoe :

- "Isika abako ofa nihavana, ka mba tariho lalana ho any amin'Andria-
nampoininerina izahay.

Ary hoy ny tao an-trano :

- Aza manana alahelo hianareo, raha izany, fa ny raiko dia tandapa ao
amin'ny indrindra, ka ho mora foana izany.

18- Rehefa nahare izany tenin'ny tompon-trano izany ireto vahiny,
dia faly tokoa fa nahazo olona hitarika azy, izay -akaiky ny Mpanjaka,
ho havany sy ho sakaizany.

19- Dia nandeha izy ireo ka notarihin'ity tompon-trano ho any ^oany ny
Manjaka nony naraina ny andro. Dia tafahaona tanin-dRaconimbato izy, ka
nilaza hoe :

- "Ireto olona ireto dia tonga avy lavitra, ka mba te-hihaona amin'An-
driananpoininerina ka lazaina aminao, tompokolahy, mba ho lazainao
amin'Andriananpoininerina hoe : "Misy olona avy lavitra, tompoko, te-
hihaona aminao", ka izao avy no anaran'izy enin-dahy ireo : Ratsiniadi-
hitsiny sy Randrianahazonoroarivo sy Ratsinifaitsa. Ireo no anaran'ny
3 lahy Andriana avy ^oany ny Taimoro ^oIzafitsinainto. Ary Rabajila, Ra-
manitsero, Ingaina. Ireo kosa no anaran'izy 3 lahy mpanaraka azy.

20- Dia hoy ilay tan-dapa (rain'ilay tompon-trano izy io) :

Alors le maître de céans dit :

- "Si vous refusiez de prendre la nourriture qui est dans nos mains, nous en aurions du chagrin". -16

Ingaina dit alors :

- "Prenez-le, mon père, car nos parents en auront du chagrin si on ne le prend pas".

Il prit alors ce que présentait le maître de céans tout en le remerciant. Ratsiniadihitsiny reprit alors la parole : -17

- "Mon père, nous avons établi des liens de parenté ; aussi acceptez de nous montrer le chemin qui mène chez Andrianampoinimerina.

Alors le maître de maison dit :

- "N'ayez nulle crainte si ce n'est que cela, car mon père fait justement partie de ses gens au palais et ce sera très facile".

Quand les étrangers eurent entendu cette phrase du maître de céans, ils furent vraiment heureux, car ils avaient obtenu pour parent et compagnon quelqu'un qui les conduirait et qui était de l'entourage du Roi. -18

Et au matin, ils partirent, pour aller chez le Roi, conduits par le maître de maison. Celui-ci rencontra Raonimbato et lui dit : -19

- "Ces gens que voilà arrivent de loin, et voudraient rencontrer Andrianampoinimerina ; aussi je vous le dit, Monsieur, pour que vous disiez à Andrianampoinimerina : il y a des gens qui viennent de loin, Monsieur, et voudraient vous rencontrer ; voici les noms de ces six hommes : Ratsiniadihitsiny, Randriamahazonoroarivo et Ratsinifaitsa, ce sont les noms de trois princes qui sont des Temoro Zafitsimainto. Et il y a Rabajila, Ramanitsero et Ingaina : ce sont les noms des trois hommes qui les accompagnent.

Alors l'homme du palais (c'était le père du maître de maison dont on a parlé) dit : -20

- "Marina izany, fa ho lazaiko izao.

Dia nandeha ilay tompon-trano ka nampaka-teny hilaza amin'Andriananpoinimerina.

21- Nony ren'Andriananpoinimerina izany, dia nasainy handroso ho eo aminy izy enin-dahy voalaza ambony irco. Ary nony tonga teo avokoa izy, dia Ingahy Ratsiniadihitsiny no nitondra ny tenin'izy enin-dahy, ka hoy ny fialatsininy, raha nandahatra niteny izy :

- "Aza fady aho, aza folaka andantony, ary aza maty tanora, aza fohy tera-bary aho Randriananpoina; fa hianao no nascoandron'ny tany sy raiben'ny Mpanjaka rehetra. Tsy olombelona hianao, fa zanak'Andriananahary, Andriananitra hitan'ny maso ; ka avy manatona anao izahay 6 lahy (enin-dahy) nefa izahay dia tsy nitondra onby be, tsy nitondra vola be ; fa izay hanananao ny tany, ka hahatananao ny fanjakana fa masonao sy tongotrao avokoa ny Ambanilanitra ; fa ny lazanao -ampelasoan nitangy anponga, ka ren-tany sy ren-danitra.

22- Fa Andriananahary no nahafoy ity tany ity ho anao, ka izy nanone dia nahafoy, ary hianao nomena dia ambininy.

23- Koa tonga izahay nitondra an'Andriananahary "Ranahavaly", fa tsy azonay ho tana, ary na iza na iza, dia tsy nahatana azy, raha tsy hianao Andrianampoina, ka dia entinay manatona anao ; ka Ranahavaly no ho rano fanalakenda, ho lariba hisikinanao, raha tozitra hianao; fa Andriananitra tsy azon'olona tana anie Ranahavaly e, raha tsy hianao Andriananahary tokana anan-tany.

- "C'est juste et je vais le lui dire tout de suite.

Le maître de maison (1) partit et transnit le message à Andrianampoininerina.

Quand Andrianampoininerina entendit cela, il fit introduire les six hommes cités plus haut auprès de lui. Et quand ils furent tous entrés, c'est Monsieur Ratsiniadihitsiny qui prit la parole au nom des six hommes. Voici les excuses qu'il fit, quand il prononça son discours :

-21

- "Excusez-moi, Randrianampoina, puissé-je ne pas mourir au milieu de la vie, puissé-je ne pas mourir jeune, puisse mon riz ne pas porter d'épis trop courts, car c'est vous qui êtes le soleil de la terre et le grand-père de tous les Rois. Vous n'êtes pas un mortel, mais le fils d'Andriananahary, le Dieu visible. Aussi venons-nous, tous les six, vers vous, et cependant nous n'avons pas apporté beaucoup de bœufs, nous n'avons pas apporté beaucoup d'argent mais ce qui va vous permettre de posséder et conserver le pouvoir, car tous les Ambanilanitra sont vos yeux et vos pieds, et votre renommée une belle fille rétribuée d'un tambour, et qu'entendent aussi bien le ciel que la terre.

En effet, c'est Andriananahary qui a pu vous abandonner cette terre, et lui qui a donné il a pu renoncer, et vous à qui ce fut donné, vous en avez la faveur.

-22

Nous venons donc vous apporter Andriananahary "Ranahavaly", car nous ne pouvons le garder pour nous, et nul ne peut le garder, si ce n'est vous Andrianampoina, aussi l'apportons-nous vers vous. Et c'est Ranahavaly qui sera l'eau-qui-vous-délivrera-de-l'étranglement, qui sera la toge dont vous vous ceindrez, quand vous serez en colère. Car sachez que Ranahavaly est un Dieu que personne ne peut conserver, si ce n'est vous, Andriananahary unique sur la terre.

-23

1) Il y a sans doute une erreur, ce n'est pas de leur hôte, mais de son père qu'il s'agit ici.

24- Fa tao atsimo ao anie Andriambongonarivo avy any Kongo (nalaza izany) ka nolalovako hiany, fa tsy no hantoniko ; tao atsimo ao koa Rarivoarindrano, ka nolalovako hiany, tao atsimo ao koa Raindratsara tao Ilalangina, ka nolalovako hiany, tao atsimo ao koa Andriananalina ao Isandra ka nolalovako hiany, tao atsimo ao koa Andriananalinibetsileo, ^otompony Vakinankaratra (nalaza izany olona izany - avy ao ^oandrefany Betafo no nisy azy, ary ny zanany dia Andriambongo), nefa nolalovako hiany fa tsy an'ireo olona ireo ny tany fa anao Andrianampoina, ka na dia nandcha alina aza izahay dia tsy tafintohina, fa Andriamanitra no nanome anao ity tany sy fanjakana ity, ka izany no nihavianay hitondra ny soa sy ny tsara eto anatrehanao Mpanjaka sy tompon'ny tany.

25- Dia avy manasina anao Mpanjaka ^oany ny volatsivaky izahay havanao sy vahoakanao."

Dia noraisin'Andrianampoininerina ny hasina nataon'ireo havany sy vahoakany nanatona azy ireo, ka hoy ny teniny tanin'ireo olona ireo :

- "Ny fankasitrahana sy ny fankatelenana no oneko anareo aloha, ry lehiretsy ; fa Ikongo nilaozanareo, Iarindrano, Ilalangina, Isandra, Ivakinankaratra. Nilaozanareo avokoa izay olo-nalaza tanin'ireo tany ireo, fa izaho hiany no naminareo sy tianareo ; ka na tondraka aza ny ranobe, ary na lavitra aza ny tany, tsy nahasakana anareo izany, fa noho ny fitiavanareo ahy dia tonga aty Ambohinanga hiany hianareo, ka mitondra ny hahasoa ahy sy ny tany ary ny fanjakana : ka faly noho izany ny foko, ka nampiditra an-trano anareo sy noho ny fanatonanareo ahy, fa tsy navilinareo ho an'ny hafa, izay hahasoa ny tany sy ny fanjakana, fa nataonareo amiko izao.

Par là, dans le sud il y avait bien Andriambongonarivo qui vient de l'Ikongo (il a eu sa renommée), je n'ai fait qu'y passer et je ne suis pas allé vers lui. Par là vers le sud également, il y avait Rarivoarindrano et je n'ai fait qu'y passer. Dans le sud aussi, il y avait Raindratsara dans le Lalangina, et je n'ai fait qu'y passer. Dans le sud aussi, il y avait Andriamanalina en Isandra, et je n'ai fait qu'y passer. Dans le sud encore, il y avait Andriamanalinibetsileo, maître du Vakinankaratra (cet homme était célèbre ; il venait de l'ouest de Betafo, et son fils est Andriambongo), et cependant je n'ai fait qu'y passer. En effet la terre n'est pas à ces gens-là, mais à vous Andrianampoina et même si nous avons marché de nuit, nous n'avons pas trébuché, car c'est Dieu qui vous donna cette terre et ce royaume et c'est pour cela que nous sommes venus présenter le bon et le bien devant vous, qui êtes Roi et maître de la terre.

-24

Aussi nous venons, nous vos parents et sujets, vous faire, à vous le Roi, l'offrande de la monnaie entière".

-25

Andrianampoinimerina reçut l'offrande faite par ses parents et sujets qui sont venus de lui. Voici les paroles qu'il leur adressa : - "Ce sont la gratitude et les remerciements que je vous présente tout d'abord, ô vous qui êtes ici ; car l'Ikongo, vous l'avez abandonné, et l'Arindrano, le Lalangina, l'Isandra et le Vakinankaratra. Vous avez abandonné tous les hommes célèbres de ces pays, et c'est moi seul qui fait vos délices et que vous aimez. Et même si les grandes rivières débordaient et que le chemin était long, cela ne vous a pas été un obstacle, car grâce à l'amour que vous me portez, vous êtes quand même arrivés ici à Ambohimanga en apportant ce qui ne fera du bien, à moi, au pays et au royaume : aussi mon cœur en est-il heureux, et je vous offre l'hospitalité, pour cela et aussi parce que vous êtes venus vers moi, que vous n'avez pas détourné vers d'autres ce qui fera le profit de la terre et du royaume et que vous me l'avez à moi-même consacré.

- 26- Dia nitsaoka Andriana izy enin-dahy ireo, raha noraisiny tanin-pitiavana lehibe, ka faly tokoa izy rehetra, fa Mpanjaka noa no nampiditra an-trano.
- 27- Ary nony efa tafiditra an-trano izy enin-dahy ireo, dia hoy indray Andrianampoininerina :
- "Aza matahotra na mangorohoro foana hianareo, fa nandria be fahizay, ary mbola ao ny andro hakako anareo hiresahantsika anin'izay andro tiako.
- 28- Ary nony nipetraka kelikely indray (tokony ho indray nahamasabary) dia tonga indray ny irak'Andrianampoina, nitondra vositra iray sy vorona 11 sy vary ; dia nandaha-teny ireo iraka nitondra ireo zavatra ireo, ka nilaza ny tenin'ny Manjaka.
- 29- Dia nandray tanin-pifaliana ny vahiny rehefa notsaroan'Andriana, fa voninahitra lehibe izany.
- 30- Ary nony ampitso ny andro, dia naniraka indray ny Manjaka hampaka azy ka nanao hoe :
- "Manao ahoana ny hasasaranareo, antsoin'ny Manjaka sy ny Prime Minister ?
Dia nitsaoka Andriana izy, (ny vahiny) sady nilaza hoe :
- "Ny hasasarana dia tsy nisy intsony, fa efa tonga aty anin'Andrianampoininerina, ka afaka : fa -izy no odi-hasasasarana, ka tonga aty anin'ilay tian'ny fonay sy namin'ny kibonay izahay, ka afaka ny hasasaranay.
- 31- Dia nilaza izany tenin'ny vahiny izany tanin'ny Manjaka ireo iraka ireo, ka dia faly izy, sady nisaotra ireo iraka ireo koa ny Andriana.

Et de ce que le Roi les a reçus avec tant d'affection, les six hommes le saluèrent et tous étaient vraiment heureux, puisque c'était un Roi qui leur offrait l'hospitalité. -26

Et quand les six hommes furent entrés dans la maison, Andrianampoinimerina dit à nouveau : -27

- "N'ayez aucune crainte et ne tremblez pas inutilement, mais soyez désormais tranquilles : et il y aura encore un jour où je vous ferai prendre pour que nous conversions, le jour qui ne conviendra.

Et quand ils se furent assis un petit peu (environ le temps nécessaire pour cuire le riz), il vint encore les émissaires d'Andrianampoina, qui apportèrent un taureau châtré, onze volailles et du riz. Ces émissaires qui apportaient ces choses, prirent la parole pour transmettre celle du Roi. -28

Les étrangers reçurent avec joie ces signes de la sollicitude du Prince, car c'était un grand honneur. -29

Et quand ce fut le londonain, le Roi envoya de nouveau quelqu'un pour les prendre en leur disant : -30

- "Qu'en est-il de votre fatigue, vous font demander le Roi et le Premier Ministre ?

Les étrangers saluèrent le Prince et dirent :

- "Pour ce qui est de la fatigue, il n'y en a plus, parce que nous sommes arrivés chez Andrianampoinimerina et nous sommes délivrés, car c'est lui qui est le remède de la fatigue ; et nous sommes arrivés chez celui qui est cher à notre cœur et doux à notre ventre, aussi notre fatigue est-elle tombée."

Les émissaires rapportèrent ces propos au Roi ; il en fut heureux et remercia aussi les émissaires. -31

32- Ary nony afaka hateloanandro, dia nanpanalain'(1) Andrianampoininerina amin'izay ireo vahiny ireo, hiresaka aminy; nefa roa lahy hiany aloha no nalainy voalohany, ka hoy izy :

- "Izao no nakako anareo roalahy : Moa nanao ahoana izany Inahavaly izany, ary nanao ahoana koa ny fahefana avy aminy ?

33- Dia hoy izy roalahy :

- "Andriamanitra nahefa ny zavatra rehetra, toripoko, Inahavaly ; nefa tsy hita-maso ny ahafàny (avitany) zavatra, fa izay ataony hitan'ny maso, dia ny fandresena ny fahavalo sy ny fanohanana ny rivotra be. Tsy izany hiany, fa izao koa : Manaly izay nanao ratsy ^oany ny fanjankana izy, araky ny anarany hoe "Ranahavaly", ary fitsaboana ny narary sy herin'ny mpiantafika, fandravana ny voain-pahavalo, fiarovan-tanindrazana, fanpandri-tany izay nikomy sy mihodina ho an'ny Manjaka, fangorohoroana lehibe koa izy, ka azo nora izay mahery. Mahavita fahagagana koa Ranahavaly, fa raha narary ny npitahiry azy, na izay olona manaiky sy nankatò azy dia sitrana, raha nitalaho sy nangataka fahasitranana aminy.

34- Raha hiantafika ny mpiantafika, ka tondraka ny rano, na be voay (nanba) na nisy Banbaran-drano, (lolon-drano) dia alaina ny lefona, ka atsatoaka eo anoron-drano, dia apoaka ny basy, sady nitalaho nivavaka ny vahoaka, dia tonga narivo vetivety ny rano ary ny biby ao anati-rano dia mandositra nivalana ny sasany ary micrika ny sasany, ka eo ^oary ny hitan'ny mpiantafika, dia tsy nisy biby intsony, sady narivo ny rano, dia nita noranora ny mpiantafika.

(1) Ms : Manpanalain.

Et trois jours plus tard, Andrianampoinimerina envoya alors chercher ces étrangers pour parler avec eux ; mais il ne fit d'abord venir que deux hommes et il leur dit :

-32

- "Voici pourquoi je vous ai fait venir, tous deux. Qu'en est-il donc de cet Inahavaly ? et qu'en est-il aussi du pouvoir qui vient de lui?

Les deux hommes répondirent :

-33

- "Sire, Mahavaly est un Dieu qui est puissant en toutes choses ; cependant on ne peut voir avec les yeux comment il accomplit certaines choses, et ce qu'il fait et que peuvent voir les yeux, c'est de vaincre les ennemis et de s'opposer aux tempêtes. Il n'y a pas que cela mais aussi ceci : il rend la parolle à ceux qui font du mal au royaume, ainsi que l'indique son nom : Ramahavaly ; il est celui par qui sont guéris les malades ; il est la force des soldats en campagne ; c'est par lui que sont détruites les malédictions ennemies ; c'est par lui qu'est protégée la terre des ancêtres ; c'est par lui que sont pacifiés pour le Roi les pays qui complotent et se révoltent ; il est aussi celui que l'on craint beaucoup et par qui l'on obtient sans peine tout ce qui résiste. Ramahavaly est aussi capable de réaliser des prodiges, ainsi lorsque est malade celui qui le garde, ou quelqu'autre qui lui obéit et le reconnaît, celui-là guérit s'il le prie et lui demande la guérison.

Si les combattants partent en campagne et qu'une rivière soit en crue, ou qu'y pullulent les crocodiles, ou qu'il y ait des esprits des morts, on prend la sagaie et on la plante au bord de l'eau, puis on fait tirer les fusils, pendant que les gens prient et supplient. Très vite alors, l'eau baisse et les animaux qui sont dans l'eau fuient vers l'aval pour certains, vers l'amont pour d'autres. Et là où les combattants vont traverser, il n'y a plus de bêtes, l'eau est basse et les combattants peuvent traverser facilement.

-34

35- Raha tiana hanpahoriana koa aza ny npanjaka sy ny lehiben'ny fahavalo, dia azo atao izany, raha angatahina amin-dRanahavaly, toy izao: Mangataka sy mitalaho amin-dRanahavaly eo ny vahoaka, nba hivoahan'ny bibiny, ary rehefa nivoaka ny biby, dia tsy ^omianto (mijanona) intsony, raha tsy tonga any amin'ireo asaina ampahoriany ireo.

36- Rehefa tonga ^oany ny tranon'ny npanjaka (1) sy ny lehiben'ny fahavalo ireo biby ireo, dia fatratra ny ataony, fa idiran'ireo biby ireo hatrany an-bovonana, ka hatrany anbaravarana sy ny vodi-trano rehetra. Ary rehefa tafiditra ao an-trano ireo biby mahatsiravina ireo, dia nitaingina eny an-dohan'ilay npanjaka ny biby sasany, ary ny sasany, dia nisafelika (mihodidina) ^oany ny vozon'ny npanjaka sy ny lehibe ka be dia be izy no nitambatra ^oany ny olona iray, sady fono ireo biby ireo ny trano, ka efa mahatsiravina, fa sady betsaka noa ireo biby ireo no isan-karazany koa, dia izao no anarany avy : marolongo, marozana, bibilava, mandetra, trambo, vitsika, maingoka, v.....(2), fanenitra, mambambohitra, natahora, nenavody.

37- Raha vao asian'ireo ny lehibe sy ny npanjakan'ny fahavalo -hatrany ny vadiny anan-janany dia raiki-tahotra sy nidradradradra ery, fa loza no efa tonga ao an-trano.

38- Tsy vitan'izany hiany, fa Inahavaly koa dia tonga manindry ireo fahavalo ireo nony alina, ka manao hoe :
- "Maneke faingana hianareo, fa ho lany ritra hianareo, raha tsy manai-ky.
Dia mikoy hanaiky no horin'ireo fahavalo, fa -ny tsindrinandry noa nilaza, ary ny loza efa hitan'ny naso.

1) Ms : tranony ny npanjaka.

2) Les points de suspension sont du texte malgache.

Et même si l'on veut faire souffrir le roi et les chefs ennemis, -35
on peut y parvenir si on le demande à Ramahavaly de cette façon : le
peuple implore et supplie Ramahavaly, afin que sortent ses bêtes et
quand ces bêtes sortent, elles n'ont de cesse qu'elles ne soient arri-
vées chez ceux qu'on leur demande de faire souffrir.

Quand ces bêtes arrivent dans la demeure du roi et des chefs en- -36
nemis, c'est impensable ce qu'elles font car ces bêtes y entrent aussi
bien par le faitage que par la porte et par le bas de la maison. Et
quand ces horribles bêtes sont entrées dans la maison, certaines d'en-
tre elles s'installent sur la tête de ce roi, et d'autres s'enroulent
autour du cou du roi et des chefs et elles se mettent à plusieurs sur
une seule personne et la maison est pleine de ces bêtes. C'en est épou-
vantable, car non seulement ces bêtes sont nombreuses, mais elles sont
de toutes les sortes. Voici leurs noms : petit serpent narolongo, ser-
pent marozana, serpent ordinaire, gros serpent mandotra, mille-pattes,
fourmi, scorpion maingoka, v..... (2), guêpe, scorpion nambanbohitra,
scorpion natahora, araignée-à-cul-rouge.

Dès que les chefs et le roi des ennemis, y compris femmes et en- -37
fants, sont ainsi attaqués par ces bêtes, ils sont paralysés par la
peur et hurlent à qui mieux mieux car déjà le malheur est dans la mai-
son.

Ce n'est pas tout, car Imahavaly aussi va de nuit chevaucher ces -38
ennemis et leur dit :
- "Soumettez-vous rapidement, car vous périrez tous, si vous ne vous
soumettez pas".
Et force est aux ennemis d'accepter de se soumettre, car ils en ont eu
la révélation en songe et leurs yeux ont vu le malheur.

2) Les points de suspension sont du texte malgache.

- 39- Izany ary, tonpoko, no fahefana sy zavatra^o vitany Inahavaly, ka anbara aninao, fa manontany hianao.
- 40- Dia miranirana Andrianampoininerina raha nahare izany zavatra vaovao izany. Dia nanpanalainy indray ny roalahy, ka nirosaka tany tany an-trano hafa indray, nba ho hitany tsara, na hifanaraka ny filazany izy enin-dahy ireo na tsia.
- 41- Dia tonga indray izy roalahy, ilay nalaina, ka nanontaniany, araky ny teo aloha ; ary ny filazan'izy roalahy ireo dia nitovy^o tany ny filazan'ny roalahy teo aloha hiary, fa tsy nisy hafa na kely aza.
- 42- Dia nanpanalain'Andrianampoininerina indray ny roalahy sisa ka nanontaniany araky ny efa-dahy teo aloha hiary, dia nilaza ireo, ka tsy nisy hafa^o any ny filazan'izy efa-dahy teo aloha koa.
- 43- Izany no vono-vorona nataon'Andrianampoininerina tamin'izy enin-dahy ireo.
- 44- Ary nony vita ny resaka nitokana, dia nakanbany indray izy enin-dahy ka hoy izy :
- "Efa nirosaka isika, ka efa azoko avokoa izay nelazainareo ; ka moa ve, ry lehiretsy, nba azonareo aseho eto anatrehako, izao ankehitriny izao, izany zavatra vitan-dRanahavaly izany ?
- "Ehy, tonpoko, (hoy izy enin-dahy) fa azonay hascho (1) eto anatrehanao hiary ny sasany.
Dia hoy Andrianampoininerina :
- "Aschoy ary nba ho hitako ny tarehin'(2) izany Ranahavaly izany sy ny zavatra vitany.
- 45- Ary nony nalaina tao anatin'ny kitapo landy Ranahavaly, dia izao no tarehiny :

1) Ms : Haseo

2) Ms : tarihin'

Tels sont donc, Monsieur, les pouvoirs et les réalisations d'Inahavaly, et on vous le révèle, puisque vous questionnez". -39

Andrianampoininerina devint radieux quand il entendit cette nouvelle chose. Et il fit alors venir deux autres hommes et il conversa avec eux dans une autre maison afin de bien voir si ce que disaient les six hommes concordait ou non. -40

Ces deux autres, ceux qu'on avait fait venir, arrivèrent donc, et il les interrogea de la même façon, et ce que dirent ces deux hommes était identique à ce qu'avaient dit les deux premiers, car rien ne différait même de peu. -41

Andrianampoininerina fit prendre les deux derniers et il les interrogea comme les quatre premiers. Ils parlèrent et ne dirent rien d'autre que ce qu'avaient dit les quatre premiers. -42

Voilà ce que fut l'épreuve à laquelle Andrianampoininerina soumit les six hommes. -43

Et quand furent finies les conversations particulières, ils les réunit tous et leur dit : -44

- "Nous avons déjà conversé et j'ai compris tout ce que vous avez dit. Or, dites-moi, pourriez-vous faire voir en ma présence et en ce moment, ce dont est capable Ramahavaly ?

- "Oui, Monsieur, dirent les six hommes, et nous pouvons vous en montrer quelques exemples.

Andrianampoininerina dit :

- "Faites donc voir le visage de ce Ramahavaly et les choses qu'il réalise.

Et quand on eut pris Ramahavaly dans le sac en soie voici à quoi il ressemblait (1) : -45

.....

(1) Le dessin manque dans les dix cahiers.

- 46- Ary nony efa hitan'Andrianampoininerina ny tarehin-dRamahavaly, dia hoy izy :
- "Aposahy amin'izao ary izay zavatra vitany.
Dia hoy Ratsiniadihitsiny :
- "Aiza ary ny lefonao Andrianampoina ?
Dia noneny azy ny lefona ; dia nangataka afo koa izy, ka nasiany rany ao anati-afon'ny, nba hivoaka setroka manitra, hanenbohany azy. Dia noraisin-dRatsiniadihitsiny tamin'izay Ramahavaly, ka nataony ao ankitapo landy fitoerany, dia nakiviliviliny teo ambonin'ny afo, sady niantsoantse ny bibin'Inahavaly teo izy hoe :
- "Avia Inarorazana, avia inandopotsy, avia bibilava anakanify, avia tranbo, avia nanban-bohitra, avia vitsika etc !
- 47- Izany no fiantsony ny ^obibiny Inahavaly eo, ka vetivety foana dia tonga eo avokoa ny biby rehetra izay notononony, ka nihavatravatra (nihetsiketsika manelon-tsoratra) eran'ny trano, ka efa nahatsiravina ery ny nijery azy.
- 48- Dia gaga sy talanjona terỳ Andrianampoininerina, raha nahita izany, (fa ^onitonany no nahita izany, fa tsy hafa akory) ka dia hoy izy :
- "Ny nason-tenako no efa nahita ny asan-dRamahavaly Andrianampoinintro ka marina sy tỳ izay efa nolazainareo aniko, ka natoky aho, fa-vitan'ity Andrianampoinintro ity avokoa izay no ilaiko rehetra, ka dia nisaotra anareo aho, fa tsy nanome vohon-dambo ahy, tsy nitondra lainga na fitakaniko. Dia nandroso hiary ny tenin'(1) Andrianampoina, nankasitraka azy enin-dahy nandritra iny andro iray iny.
- 49- Tondraka tokoa ny hafalian'Andrianampoininerina tamin'izany andro izany, ka nandroso niteny tamin-pifaliana izy hoe :

Et quand Andriananpoininerina eut vu le visage de Ranahavaly,
il dit :

- "Révélez donc maintenant ces choses qu'il réalise."

Ratsiniadihitsiny dit :

- "Où est donc votre sagaie, Andriananpoina ?

Il lui donna la sagaie. Alors il lui demanda aussi du feu et il mit du rany dans le feu pour que sorte une fumée parfumée avec laquelle il l'encenserait. Ratsiniadihitsiny prit alors Ranahavaly, le plaça dans le sac de soie où il était habituellement et le balança au-dessus du feu tout en appelant ainsi les bêtes d'Imahavaly. "Venez Inarozana, venez imandopotsy, venez serpent anakanify, venez mille pattes, venez scorpion, venez fourni, etc...".

C'est ainsi qu'il appelait les bêtes d'Imahavaly et en peu de temps, les bêtes dont il avait prononcé le nom, arrivèrent toutes dans un grouillement multicolore et envahirent la maison ; rien qu'à les regarder, on en était saisi d'épouvante.

En voyant cela, Andriananpoininerina fut étonné et stupéfait, car c'est lui-même qui vit cela, et non pas un autre, et il dit :
- "Ce sont mes propres yeux qui ont déjà vu l'ouvrage de Ranahavaly mon Dieu, et ce que vous m'avez précédemment dit est vrai et véridique ; aussi vous fais-je confiance, car mon Dieu que voici peut accomplir tout ce que je désire. Je vous remercie, car vous ne m'avez pas donné le dos d'un sanglier, vous ne m'avez apporté ni le mensonge ni la tromperie".

Andriananpoina continua de parler et témoigna sa satisfaction aux six hommes pendant toute cette journée.

Ce jour-là, la joie d'Andriananpoininerina débordait vraiment et joyeusement il poursuivit :

- "Manpanory anareo aho ry Merina Ambanilanitra, fa hanao fifaliandehibe aho, fa tonga ny Andriananitra, ka ^oany ny herin'izao nason'andro anio izao dia tongava hianareo Ambanilanitra, fa ho fifaliako lehibe izany ; ka izay nanana onby etc dia sany mitondra izay ananany hianareo.

50- Dia nanasina Andriana Tsinahafotsy Avaradrano sy Tsinianbohohahy sy ny havan'Andriana sy ny naintienindreny tonga teo ; nefa natao roa ny hasina : ny iray an'Andrianampoininerina, ny iray an-dRanahavaly, fa "izay fitiavana sy fitondrana ahy", hoy ny Manjaka, dia itondrana an-dRanahavaly koa izany.

51- Dia foy tanin'izay ny hoby sy ny akoran'ny vahoaka.

52- Fatratra koa ny fitiavan'ny Manjaka azy enin-dahy ireo, fa tsy nba navelany hanompo-tena, fa noneny olona hanompo azy.

53- Faly koa ny tonpon-trano nitoeran'ireo vahiny ireo fa vahiny tsy nba nanahirana noa, fa tian'Andriana, ka ny havokisana aze isan'andro, ary ny ambiny, toy ny menaka etc, dia mahazo be, fa anonoana onby isan-kadiniana ireo vahiny ireo ; noho izany dia fantatra, fa -na ireny nponina nanodidina azy ireny koa aza, dia ho enina anjara koa.

54- Ary nony inona indray dia nanpanalain'ny Manjaka izy enin-dahy, ka hoy izy :

- "Inona ary no nba fadin'ny Andriananitra ?

Dia niteny Randrianahazonoroarivo hoe :

- "Je vous fais réunir, ô non peuple d'Ehyrne car jé vais organiser une grande réjouissance, pour l'arrivée de mon Dieu. Aussi dans une semaine, venez, vous mes sujets, car ce sera pour non plus grand plaisir. Et que ceux qui possèdent des boeufs etc..., que chacun de vous tous apporte de ce qu'il possède.

Les Tsinahafotsy, les Avaradrano, les Tsinianbohoholahy, les parents du Prince et les noirs-aux-six-nères qui vinrent là, rendirent hommage au Prince. Mais on fit deux sortes d'offrande, l'une à Andriananpoininerina et l'autre à Ranahavaly, car "Ce qui est une preuve d'amour pour moi et que l'on n'apporte", dit le Roi, on en apporte aussi à Ranahavaly.

Alors éclatèrent les acclamations et les clameurs de joie du peuple.

L'amour que le Roi portait aux six hommes était considérable ; il ne les laissa pas se servir eux-mêmes, mais il donna des gens pour les servir.

Le maître de la maison où demeuraient ces étrangers était également heureux lui aussi : c'était des hôtes qui ne créaient pas de gêne, puisqu'ils étaient aînés du Prince, et qu'on avait tous les jours de la nourriture à satiété ; quant aux ingrédients tels que la graisse etc, on en recevait beaucoup, car tous les cinq jours l'on tuait un boeuf pour ces hôtes. De ce fait, il était de notoriété publique que, même les gens d'alentour en recevraient leur part.

Peu de temps après, le Roi fit chercher les six hommes et leur dit :

- "Quels sont donc les interdits de mon Dieu ?

Randrianahazonoroarivo répondit :

- "Izao tonpoko no fadiny, ka lazaina aminao, raha nanontany izany hi-
anao, ho tandrenana tsara :

1. Tongolo.
2. Sifotra.
3. Ananany.
4. Ondry.
5. Soavaly.
6. Kisoa.
7. Osy.
8. Vilanibory.
9. Tsy miditra an-paty.
10. Tsy idiran-kenaratsy.
11. Tsy mitsipaka^o niantsinanina.
12. Tsy nisatroka ao an-trano nisy azy.
13. Tsy andorana akoho ny azy, nefa ny hen'akoho miditra hi-ny.
14. Tsy idiran-karefo.
15. Tsy idiran-bodrana.
16. Tsy idiran-dravitsaonjo.
17. Tsy honana zavatra tsy tra-dràsa.
18. Tsy honana-javatra naty miady.
19. Tsy tondroin-basy ny trano nisy azy.
20. Tsy nifanolo-kanina nianboho ny olona ao^o any ny trano nisy azy.
21. Tsy homan-kanina ambohon-karona.
22. Tsy mitaina hazon'orana.
23. Tsy andorana fondrana ny trano nisy azy.
24. Tsy azo^o anantoana ny trano nisy azy.
25. Ny tany nanahazana ny lamban-dRanahavaly dia tsy azo diavin'olona
afa-tsy ny npanahy ny lambany hi-ny.
26. Ny ahitra na ny hazo izay nanahazana ny lamban-dRanahavaly, dia
tsy azo ataina.
27. Tsy andorana sakay ao^o any ny trano nisy azy.

- "Voici Monsieur, ses interdits. Puisque vous les demandez, on vous les dit, afin que l'on y prenne bien garde :

1. L'oignon.
2. L'oscargot.
3. La norelle.
4. Le mouton.
5. Le cheval.
6. Le porc.
7. La chèvre.
8. La narnite sans oreilles.
9. On n'entre pas dans une maison mortuaire.
10. On ne fait pas entrer de viande de funérailles.
11. On ne donne pas de coup de pied en direction de l'est.
12. On ne se couvre pas dans la maison où il se trouve.
13. On ne fait pas cuire de poulet chez lui, mais la viande de poulet peut y entrer.
14. On ne fait pas entrer de petits jones.
15. On ne fait pas entrer de jones de la passion.
16. On ne fait pas entrer de feuilles de sonje.
17. On ne mange pas de viande qui n'a pas été saignée.
18. On ne mange pas la viande des bêtes mortes en combattant.
19. On ne dirige pas le fusil vers la maison où il se trouve.
20. Les gens ne se donnent pas d'aliments en se tournant le dos dans la maison où il se trouve.
21. On ne mange pas sur le dos d'une corbeille ronde.
22. On ne brûle pas de hazonorana.
23. On ne brûle pas la souche du bananier dans la maison où il se trouve.
24. On ne peut teindre avec du natte dans la maison où il se trouve.
25. La terre où l'on a fait sécher la toge de Ramahavaly, nul ne peut la fouler si ce n'est ceux qui mettent sa toge à sécher.
26. Les herbes ou arbres où l'on a fait sécher la toge de Ramahavaly, on ne peut les brûler.
27. On ne brûle pas de pinent dans la maison où il se trouve.

28. Tsy andorana paraky ao ^oany ny trano nisy azy.
 29. Tsy idirana fivelifandraka ao ^oany ny trano nisy azy.
 30. Tsy idiran-trandraka na sora na sokina ao an-trano.
 31. Ao an-trano nisy azy dia tsy avela ho nati-jiro na anpirehetan-jiro fa atao jiro nateza (maharitra) no fanao aniny.
- Ireo ary Tompoko no fadiny ka lazaina aminao Mpanjaka. Ary ny mpisiki-dy dia tsy mahazo niala ao an-trano nisy azy.

55- Dia hoy Andrianampoininerinà :

- "Efa azoko sy reko avokoa izao ny filazanareo ny fadiny ka nisaotra anareo aho, ry lehiretsy, fa nahariharinareo taniko avokoa izao ny tany ankibonareo, ka tsy nisy nafeninareo ahy ; fa ny hahasoa ahy sy ny tany aman-panjakako no nataonareo ! Koa matokia dia matokia kosa hianareo, fa izaho no nanone toky anareo, ka tsy efan-bola anankariana, tsy efan-damba aman-tsalaka ny toky oneko anareo, fa soa nisy ho tantarina mandrakizay. Ka inty aloha ny ariary 120 sy ny lamba 6 sy salaka 6, oneko anareo lehiretsy, fa izaho dia Andriana nahavaly soa, ka izay nanao soa aniko sy ny fanjakako, dia ho valiako soa tokoa.

56- Dia nisaotra Andriana Ratsiniadihitsiny, ka nanao hoe :

- "^oTarantitra, tompoko, nifanantera ^oany ny Anbanilanitra, fa faly sy ravoravo ny fonay raha tsaroanao Mpanjaka ; fa toky kosa no omenay anao anin'izay tratry ny herin-po sy ny sainay, hahasoa anao sy ny fanjakanao.

57- Rehofa vita izany, dia hoy Andrianampoininerina :

- "Andeha ary nody ao an-trano hianareo, (niantso an'izy enin-dahy vahiny ireo) fa feno ny hafaliana loatra aho izao.

28. On ne brûle pas de tabac dans la maison où il se trouve.
29. On n'entre pas de maillet dans la maison où il se trouve.
30. On n'entre ni tanrec, ni porc épic ni hérisson dans la maison.
31. Dans la maison où il se trouve, on ne laisse pas la lumière s'éteindre et on ne l'y allume pas non plus, mais ce qu'il faut, c'est y mettre une lumière durable. Voilà donc, Monsieur, ses interdits. On vous les dit, à vous le Roi. Et le devin n'a pas le droit de quitter la maison où il se trouve.

Andrianampoininerina dit :

-55

- "J'ai d'ores et déjà retenu et entendu votre exposé sur ses interdits, et je vous remercie, ô vous qui êtes ici, car vous avez bien mis en évidence pour moi tout ce qui était dans votre ventre et il n'est rien que vous n'ayez caché. C'est ce qui n'apportera le bien, à moi, au pays et à mon royaume que vous avez fait là ! Aussi de votre côté, ayez entière confiance, car c'est moi qui vous donne ma parole. Et l'assurance que je vous donne ne s'épuise pas avec l'argent et les richesses, les toges et les ceintures-tabliers, car c'est un profit dont on pourrait se prévaloir pour toujours. Et voici pour commencer cent vingt piastres, six toges et six ceintures-tabliers que je vous donne à vous qui êtes ici, car moi je suis un Prince qui sait rendre le bien pour le bien et quiconque fait le bien pour moi et mon royaume, je lui rendrai vraiment le bien.

Ratsiniadihitsiny remercia le Prince par ces mots :

-56

- "Longue vie, Monsieur, vieillissez au milieu de votre peuple, car notre cœur est content et joyeux de votre témoignage de reconnaissance. Et à notre tour nous vous assurons de ce qui est à la portée de notre courage et de notre intelligence et qui peut faire votre profit et celui de votre royaume".

Après cela, Andrianampoininerina dit :

-57

- "Allez et rejoignez votre maison, (il s'adressait à ces six hôtes) car maintenant je suis trop heureux".

Dia lasa nody any an-trano ireo vahiny ireo.

58- Ary nony ampitso, dia nampanalain'ny Andriana indray izy enindahy ireo, ka hoy izy taminy :

- "Inona avy kosa moa no mba sorona fanao aminy raha hanao sorona ?

59- Dia hoy Andriantsimiadihitsiny :

- "Izao tompoko no sorona fanao aminy :

1. Mandihy ny mifaly raha tsinana ny Alakaosy fanandratana azy ary mifady tsy mihinam-bary ny vehivavy rehetra.
2. Mamono omby matavy amin'izany andro fifaliana izany, ka izao no anaovana azy : Alaina ny fanangany sy ny fitodihany sy ny fametsivetsiny sy ny atiny, famoriany (niantso ny rorohany) sy ny voraikiny, taolan-kandriny. Ireo dia atao iray vilany, ary nony masaka tsara dia mangataka amin-dRamahavaly, dia sasahina tsara, ka -ny antsasany omena ho hanin'ny olona, ary ny antsasany hanin'ny bibidRamahavaly.
3. Alaina ny tsiriry (ahitra) sy ny ahibita ary ny tsimativonoina.
4. Alaina ny ronono sy ny tantely sy vary sy toaka, sira, tsaramaso, vorondra (ovimanga), ireo no atao hoe "hanin-pitoloha".
5. Alaina koa ny fandrotrarana, mahazaka, famaky, angadimainty, lefona ; ireo kosa dia atao hoe : "Itsarafandimby", no anarany.
6. Alaina ny vadihana (valiha) sy ny jeje (lokanga voatavo) handihizana, dia mitehaka avokoa ny lehilahy amin'izany sady miantso hoe:

Et les hôtes rentrèrent chez eux.

Et le lendemain, le Prince fit à nouveau chercher les six hommes, et leur dit :

-58

- "Que lui donne-t-on quand on lui fait des offrandes ?

Andriantsiniadihitsiny dit :

-59

- "Voici, Monsieur, ce qu'on lui offre normalement :

1. On danse et l'on se réjouit quand commence le mois du Sagittaire où on l'exalte ; et toutes les femmes s'abstiennent de manger du riz.
2. On tue un boeuf gras en ce jour de réjouissance et voici ce qu'on fait : on en prend le paleron, le cou, le cerveau et le foie, la panse, l'épaule et l'os du front.
Tout cela, on le met dans une seule marmite et quand c'est bien cuit, on implore Ramahavaly. On partage bien en deux et la première moitié, on la donne à manger aux gens et l'autre moitié à manger aux bêtes de Ramahavaly.
3. On prend de l'herbe tsiriry et de l'herbe ahibita (1) ainsi que de l'herbe tsinativonoina (2).
4. On prend du lait, du miel, du riz et de l'alcool, du sel, des haricots, de la patate vorondrà avec lesquels on fait ce qu'on appelle "la nourriture-aux-sept éléments".
5. On prend aussi du chiendent, une grosse corde, une hache, une bêche noire, une sagaie, avec cela on fait ce qu'on appelle "La-bonne-descendance", c'est là son nom.
6. On prend la cithare en bambou et la viole àalebasse au son desquelles on danse. Tous les hommes alors claquent des mains et chantent louange:

1) ahibita littéralement, l'herbe d'achèvement, ou l'herbe du destin.

2) tsinativonoina, littéralement: qui ne meurt pas quand on le tue.

"Imahavaly Andriamanitra, mahavaly ny soa atao ;

"Imahavaly Andriamanitra, mahavaly ny ratsy ataon'ny olona,

"Hianao Andriamanitray !

7. Alaina ny volomiriaria sy ny maitsoiririnina sy ny tany ao ampo-voan'ny vahoaka, atao sorona, ka atao hoe : "Hahavory tany hahavory fanjakana anie hianao ry Imahavaly Andriamanitra !".
8. Alaina ny fary raiki-bololony, akondro ^o masakifotony, saronan-karona fito-sosona, lambamena botolo, volontsangana tsy vaky, omby volavita, vola-tsivaky.

Ireo, tempoko, no fanao sorona aminy sy firavoravoana aminy.

60- Dia hoy Andrianampoinimerina :

- "Misaotra anareo aho ry lehiretsy, fa efa nodinihinareo sy nolazainareo tamiko avokoa izao ny fomba fanao aminy rehetra, ka tsy misy nafoninareo ahy ! Ary izao -tonga ny andro hivorian'ny vahoaka, noho ny fiantsoako azy, ka ampitso no hahatongavany hihaona amintsika ka tsy manampoka anareo aho, fa hivory ny Ambanilanitra amin'izay nanan-gonako azy, ka ho any Ifidasiana isika.

61- Dia hoy Randriamahazonoroarivo :

- "Eny tempoko, fa mahare izahay ; nefa rehefa hivoaka hianao, dia mba ampandreneso izahay tempoko e !

Dia hoy Andrianampoinimerina :

- "Raha tsy hianareo no mampivoaka ahy, dia tsy hivoaka aho, fa -ny Andriamanitra hiara-hivoaka amiko.

- "Eny tempoko, hoy izy enin-dahy ireo.

Sady nanao ^o tarantitra Andriana izy rehetra dia nisaraka nody.

62- Ary nony ampitso ny andro dia naniraka amin'izy enin-dahy in-dray Andrianampoinimerina hoe :

"Divin Mahavaly, qui peut rendre le bien que l'on a fait ;

"Divin Mahavaly, qui peut rendre le mal fait par autrui,

"C'est Toi notre Dieu !

7. On prend des gyrins, l'herbe-qui-reste-verte-en-hiver et de la terre au milieu du peuple (1); on en fait une offrande et l'on dit:

"Puissiez-vous rassembler la terre et réunir le royaume, ô Divin Mahavaly."

8. On prend une canne à sucre couverte de ses jeunes pousses, des bananes mûries sur pied, des séries de sept corbeilles s'emboîtant l'une dans l'autre, des linceuls en botolo, de la monnaie, des bambous non fendus, des boeufs volavita, de la monnaie entière.

Voilà Monsieur, ce qu'il est normal de lui offrir et ce qui le réjouit."

Andrianampoinimerina dit :

-60

- "Je vous remercie, ô vous qui êtes ici, car vous avez déjà détaillé et dit tout ce qu'il est coutumier de lui faire, et il n'y a rien que vous m'ayez caché ! Et voici que vient le jour où le peuple va se réunir à la suite de mon appel ; c'est demain qu'il viendra pour nous rencontrer. Je ne vous prends pas à l'improviste. Le peuple sera réuni là où je l'ai déjà réuni, aussi allons-donc à Ifidasiana.

Randriamahazonoro dit :

-61

- "Oui, Monsieur, nous entendons bien. Mais, quand vous serez prêt à sortir, ayez la bonté de nous prévenir, Monsieur !

Andrianampoinimerina dit :

- "Si ce n'est pas vous qui me faites sortir, je ne sortirai car le Dieu sortira en même temps que moi.

- "Oui, Monsieur, dirent les six hommes. Et tout aussitôt, ils souhaitèrent tous longue vie au Prince, puis le quittèrent pour rentrer chez eux.

Et le lendemain, Andrianampoinimerina envoya à nouveau dire aux six hommes :

-62

1) C'est-à-dire d'un lieu de marché.

- "Vory ity ny Ambanilanitra, mitondra ny omby etc, izay nananany avy ; ka miaingà, fa ho eny izao isika.

63- Dia nivoaka ny Manjaka sy Imahavaly sy izy enin-dahy sy ny zanak'Andriana sy ny tandàpa. Ary nony tonga teo Fidàsiana izy rehe- tra, dia niteny Andrianampoinimerina hoe :

- "Ny fankasitrahana sy ny fankatelemana, ry Ambanilanitra, fa nasai- ko andro dia andro, nasaiko alina dia alina ; tsy nahavakitratra, tsy nahafarim-peo, tsy nampitsangan-komana, fa tonga ° amy ny hafaliana. Misaotra anareo aho, ry Ambanilanitra."

Dia indray nirodona ny vahoaka (1) hoe :

- "° Tarantitra Tompoko, mifanantera amy ny Ambanilanitra e !

64- Ary nony vita avokoa izany, dia nitsangana Rainifiringa (lehi- be tao ° amy ny Tsimahafotsy) ka nanao hoe :

- "Alaiko ny tsiny fanalan'ny vava, fa raha izany no tsy misy; ° ta- rantitra ny Manjaka, mifanantera ° amy ny Ambanilanitra. Raha avy ny namorianao anay, noho ny hafaliana hataonao, ka vory ° ontoana ny Ambanilanitra, dia avy manasina anao izahay, teraky Tsimahafotsy, -zokin'olona ; ka ity hasina ataonay ity anie hahamasina anao, ka hifananteranao ° amy ny Ambanilanitra.

65- Ary dia nanasina koa Itsimiamboholahy, dia izao no filaharana ny nanarak'ireo : Ivakinisaony, Imarovatana, Ivonizongo, Ambodirano, Vakinankaratra, Maintienindreny ; samy ara-dreniny avokoa no nanao- vana ny hasin'Andriana.

66- Ary nony vita ny hasina, dia samy nanome omby malaza sy omby volavita nanaraka ny hasina nataony ny Ambanilanitra.

1) Ms : nivahoaka.

- "Voici que le peuple est réuni apportant des boeufs etc... selon ce que chacun possédait. Ainsi levez-vous, car nous allons nous y rendre maintenant.

Le Roi, Mahavaly, les six hommes, les enfants du Prince et les gens du Palais sortirent. Et quand tous furent arrivés à Fidasiana, Andrianampoinimerina prit la parole : -63

- "A vous ma gratitude et mes remerciements, ô Ambanilanitra, je vous ai appelé de jour et vous êtes venus de jour, je vous ai appelé de nuit et vous êtes venus de nuit ; vous ne m'avez pas obligé à vous appeler à m'en fendre la poitrine, ou à m'en enrouer la voix, vous ne m'avez pas obligé à me lever pendant mon repas, mais vous êtes venus dans la joie. Je vous remercie, ô Ambanilanitra.

Le peuple unanime acquiesca par ces mots :

- "Longue vie, Monsieur, vieillissez au milieu de votre peuple !

Et quand tout ceci fut fait, Rainifiringa (chef chez les Tsimahafotsy) se leva et dit : -64

- "J'écarte le blâme, que l'on écarte par la bouche, et cela écarté, longue vie au Roi, puisse-t-il vieillir au milieu de son peuple ! Nous voici en ce jour où vous nous avez réunis, pour les réjouissances que vous organisez. Le peuple est ici réuni, et nous les descendants des Tsimahafotsy, les aînés du peuple, nous venons vous faire l'offrande. Puisse cette offrande que nous faisons vous sanctifier et vous permettre de vieillir au milieu des Ambanilanitra."

Et les Tsimiamboholahy firent aussi l'offrande. Et voici l'ordre de ceux qui les suivirent : le Vakinisisaony, le Marovatana, le Vonizongo, l'Ambodirano, le Vakinankaratra et les Noirs-aux-six-mères, c'est par lignage qu'ils présentèrent l'offrande au Prince. -65

Une fois fini l'hommage, chaque groupe parmi les Ambanilanitra donna des boeufs malaza, des boeufs volavita pour accompagner l'offrande qu'ils avaient faite. -66

- 67- Dia niteny Andriamanjaka hoe :
- "Tonga izao ny fotoana hampisehoako an'Andriamanitra anareo ry Ambanilanitra, ka andro tsy maty anio ; ka izay nana.'omby dia mamonoa, toy izany koa na ondry, vorona, akoho etc.. Izay manam-damba mitafia, izay manam-basy manapoaha, izay anananareo, na inona na inona, dia ifalio avokoa, fa -"fifaliako lehibe" izao andro izao, hoy ny Manjaka.
- 68- Dia niteny indray ny lehibe tao ^o any ny Tsimahafotsy, ka niala-tsiny izy, ary raha vita izany, dia izao no laha-teny nataony :
- "Raha milaza aminay Ambanilanitra hianao, izay hierovana ny vady aman-janakay sy hierovana ny tany sy fanjakana ; ka tsy izay hahasoa anao Mpanjaka ^o rery hiany no tianao fa izay hiadanan'ny Ambanilanitra koa, dia faly izahay Ambanilanitra no izao soa re ^o andro any izao.
- 69- Fa ny ranomasina no valam-parihinao Andrianampoinimerina, ary ny tany no valabenao : ka noho izao fahasoavana tonga izao (-fa tonga Andriamanitra) hahasoa anao Mpanjaka sy hahabe voho ny fanjakanao, fa -ho avy hanatona anao avokoa ny any amoron'ny riaka, na ny any varatra na ny avy any atsimo na ny ^o antsinanina na ny avy any andrefana. Fa, he ! Andriamanitra aza tonga nanatona anao tsy mba nanasatra tsy nanahirana fa tonga ho fanampinao ; ka lasa izay ny adibasy sy ny adilefona Andrianampoinimerina, ka handry fahizay ny fanjakanao.

Le Prince-Régnant prit la parole :

-67

- "Voici venu le jour où je vous ferai voir Dieu, ô Ambanilanitra, et aujourd'hui est un jour tsy maty (1); que ceux qui possèdent des bœufs en tuent, il en est de même pour ceux qui ont des moutons, des canards ou des oies, des poulets, etc... que ceux qui possèdent une toge, s'en revêtent; que ceux qui possèdent un fusil, en tirent des coups; quoi que vous possédiez, faites-en votre joie, car ce jour est "une grande joie pour moi", dit le Roi.

Le chef chez les Tsimahafotsy prit à nouveau la parole. Il s'ex-

-68

cusa et après cela, voici le discours qu'il fit :

- "Du moment que vous nous faites connaître à nous Ambanilanitra ce qui sera une protection pour nos femmes et nos enfants et qui sera une protection pour la terre et le royaume, et que vous ne recherchez pas seulement ce qui sera votre profit à vous seul qui êtes le Roi, mais aussi ce qui procurera le bonheur paisible aux Ambanilanitra ; nous les Ambanilanitra nous sommes contents à cause de cette bénédiction dont nous avons appris la nouvelle aujourd'hui.

Car si la mer devient la digue de votre rizière (2), à vous Andrianampoinimerina et si la terre devient votre grand parc à bœufs, c'est par cette grâce qui arrive maintenant (car Dieu est arrivé) pour votre profit à vous qui êtes le roi et pour que s'étendent les limites de votre royaume. En effet, ceux qui sont au bord de la mer viendront tous vers vous, que ce soit ceux du nord ou ceux qui viennent du sud que ce soit ceux de l'est, ou ceux qui viennent de l'ouest. Car voyez ! Dieu même est venu vers vous sans vous avoir fatigué ni importuné, car il est venu pour vous aider. Et voici, Andrianampoinimerina, que sont désormais du passé les combats au fusil et les combats à la lance et voici que votre royaume jouira de la paix.

-69

-
- 1) andro tsy maty : Cette expression désigne un jour où toutes les interdictions étaient levées ; c'était donc à la fois un jour d'orgie et un jour exempt de sanctions pénales.
- 2) "Ny riaka no valam-parihiko", "La mer est la digue (ou la limite) de ma rizière", ce serait là le programme de la politique territoriale d'Andrianampoinimerina. La formulation et le sens exact en sont toujours discutés.

- 70- Izay tsy mahalala anao izao, dia hanontany, ka hanatona anao, ary na iza na iza, dia ho avy tsy antsoina ary ho tonga tsy ho vorina. Ka tsy hanasatra intsony.
- 71- Ary koa : -Tsara-ranitra izao hianao Andrianampoinimerina ; fa -ato Ikelimalaza, ato Imanjakatsiaroa, tonga koa ity Imahavaly, ka -ombalahy tsara-ranitra tokoa hianao Andrianampoinimerina, fa fony tsy mbola nanana ireo aza hianao, -tsy resy tondro-maso ny Andriana-sinavalona sy Andriantsimitoviaminandriana sy Andrianavalinjafy sy Andriantsitakatrandriana sy ^oAndrianavalonibenisatra, sy Rafanompom-bahoaka, sy Rafandramanenitra, Raponga, ^oRafahy, ^oRandriamanalo, tsy resy tondro-maso ny 12 (roa ambinifolo) nanjaka ireo ; fa tamin'Andriambelomasina sy ^oAndriambonomena no nitranga ny soa.
- 72- Fa Ikelimalaza nanatona an'Andriambelomasina. Ary Imanjakatsiroa nanatona anao Andrianampoinimerina ; ka ny masina rehetra, na ny avy ao atsimo ao na ny avy any avaratra na ny avy any ^oantsinanina na ny andrefana, dia ho avy hanatona anao Andrianampoinimerina, fa -tsy naterak'olona hianao fa nakohaka ; tsy mba zanak'olona hianao, fa zanak'Andriananahary.
- 73- Ka toky no omenay anao, tompokolahy, fa izahay no "nitoto nahita ny nahafotsiny, nahandro nahita ny nahamasahany, nandoatra nahita ny nahalaniany" ; ka izahay Ambanilanitra no lambanao, -ka raha faly isampinanao, raha tezitra dia isikinanao ; ka arahaba, fa tsy misy fitchizan-tsoa toy izao ambonin'ny tany ambanin'ny lanitra, ^ohatramy ny 12 Nanjaka ! Fa hianao Andrianampoinimerina, Andriamanitra hitan'ny maso, Zanahary manatrika, masoandro fahazavan'ny Ambanilanitra ;

Ceux qui ne vous connaissent pas maintenant, s'enquerront et viendront vers vous, et quels qu'ils soient, ils viendront sans qu'on les ait appelés et arriveront sans qu'on les ait réunis. Et ils ne vous fatigueront plus." -70

Et ils dirent encore :

- "Vous êtes bien acéré maintenant Andrianampoinimerina car Kelimalaza ^{voici} était déjà là, Imanjakatsiroa était déjà là, et/qu'arrive aussi Imahavaly. Vous êtes donc désormais réellement un taureau aux cornes bien aiguisées, Andrianampoinimerina car déjà du temps même où vous ne les possédiez pas encore, vous avez fait bonne figure devant Andriamasinalona et Andriantsimitoviaminandriana et Andrianavalinjafy et Andriantsitakatrandriana et Andrianavalonibenisatra, et Rafanomponbahoaka et Rafandramanitra, Raponga, Rafahy, Randriamanalo, et ceux-là feront bonne figure devant les 12 Régnants, car ce fut à l'époque d'Andriambelomasina et d'Andriambonomena qu'apparut le bien. -71

En effet Ikelimalaza vint vers Andriambelomasina. Et Imanjakatsiroa vint vers vous, Andrianampoinimerina, tous les consacrés, que ce soit ceux qui viennent du sud, que ce soit ceux qui viennent du nord, que ce soit ceux qui viennent de l'est ou de l'ouest, viendront vers vous Andrianampoinimerina, car vous n'avez pas été mis au monde par quelqu'un mais par le souffle, vous n'êtes pas enfant d'homme, mais enfant de Dieu-Andriananahary. -72

Aussi vous donnons-nous, Monsieur, toute assurance car c'est nous qui "ayant pilé le riz l'avons vu blanchir, l'ayant mis sur le feu l'avons vu cuire, l'ayant versé dans ce plat l'avons vu s'épuiser", et c'est nous les Ambanilanitra qui sommes votre toge ; content, vous vous en drapiez en en faisant pendre un pan sur l'épaule ; en colère, vous vous en ceignez les reins ; et nous vous félicitons car jamais il n'y eut sur la terre et sous le ciel, depuis les Douze Régnants un tel enchaînement de bénédictions ! Car vous êtes Andrianampoinimerina le Dieu visible, le Zanahary qui fait face, le soleil qui sert de flambeau aux -73

matokia tokoa hianao Mpanjaka, -Fa tsy izay, ry Ambanilanitra ?

Dia indray nirodona ny vahoaka hoe :

- "Izay !

- 74- Dia samy nitsangana (nifandinby) nanome toky ny Manjaka toy izany avokoa ny Ambanilanitra isan-tokony, ka ny sasany aza dia lava noho izany ary ny sasany, dia fohifohy hiany fa samy nanana ny lahateniny avy noa.
- 75- Dia natao tamin'izay ny lanonana (dihy) dia nanono ny ombiny avokoa ny vahoaka -nanaotra noho ny fandroana, dia samy nifaly isan-baravarana ny olona rehetra.
- 76- Fifaliana manao ahoana moa tamin'izany andro nanaposahana an-dRamahavaly^o tany ny Ambanilanitra izany, fa lany ny andro folo (10) nilaolaovana hiany.
- 77- Tao anatin'ireo andro nilaolaovana ireo koa moa dia tsy nba nisy nipetrahan'izy enin-dahy ireo, fa alain'Andrianampoina hiresaka aminy hiany. Ka izao no isan'ny rosaka nataony taminy :
- Andrianampoina :
- "Nanao ahoana no nahitanareo an-dRamahavaly voalohany indrindra ?
- Andriantsimiodihitsiny :
- "Tamin-draibenay Randriambololonarivo no notsindrian-javatra, ka nanonofy izy nony alina, ka hoy ilay zavatra nofisiny, nanindry azy : "Manonoa onby any amoron'ny ony Imatitanana hianao, ka ny trafony sy ny saborany, angony^o any ny salazana be, dia angony be ny kitay hazo, na maina na lena. Dia apetraho eo ambonin'ireo kitay hazo ireo ny trafony sy ny sabora ary ny tavin-kena rehetra, dia dory amin'izay izy rehetra, ka asivo savoka sy rany koa eo ambonin'ny kitay hazo nba hampirhitra azy tsara sy hivoaka fofomanitra".

Ambanilanitra. Ayez vraiment confiance, vous qui êtes le Roi. N'est-ce pas cela, ô Ambanilanitra ?".

Et d'une seule voix, le peuple acquiesça unanimement :

- "C'est cela !"

Et tous les Ambanilanitra de toutes les provinces se succédèrent pour donner la même assurance au Roi et de la même façon ; certains furent même plus longs que celui-là tandis que d'autres furent bien plus courts, chacun ayant son propre discours.

-74

Et l'on passa alors aux réjouissances (danses). Chacun dans le peuple tua son boeuf, (ou ses boeufs) et il y en eut même plus que pour la fête du bain. Et tous les gens se réjouirent à toutes les portes.

-75

Quelles ne furent les réjouissances au temps où l'on montra Ramahavaly aux Ambanilanitra car dix jours s'écoulèrent où l'on ne fit que se divertir.

-76

Quant aux six hommes, pendant ces dix jours où l'on se divertit, il n'y en eut pas un seul où ils furent laissés à eux-mêmes car Andrianampoina les faisait sans cesse venir pour converser avec lui. Voici un extrait des conversations qu'il eut avec eux.

-77

Andrianampoina :

- "Comment fîtes-vous pour découvrir Ramahavaly du tout début ?

Andriatsiniadihitsiny :

- "Ce fut par notre grand-père Randriambololonarivo qui fut chevauché par un esprit : il rêva une nuit et cet esprit lui dit au cours de son rêve : "Tuez un boeuf sur le bord de l'Inatitànana ; sa bosse et sa graisse, réunissez-les sur un grand gril. Rassemblez beaucoup de bois à brûler, qu'il soit sec ou humide. Au dessus du bois à brûler, placez la bosse, la graisse et tous les morceaux gras, mettez le feu à l'ensemble et ajoutez également de la cire et du rany au-dessus du bois à brûler pour le bien faire flamber et faire sortir une odeur parfumée.

78- Dia nirehitra ny kitay hazo ka nilelalela ny lelafo (mila ho roa hoatry ny hahavon'ny trano ny lelafo). Ary Ingahy, raibenay, dia matory eo ^oany ny fanpandrehetana afo eo hiany, sady mbola tsindrianjavatra eo hiany izy, ka ilazany hoe :

- "Rehefa levona tsara io zavatra nodoranao io Rangahy, dia savao ny lavenona rehetra, ka raha misy tapa-kazo tsy nety ho may ny afo ao anatin'ny dia alao, ka tehirizo tsara, ka ny anarany dia atao hoe, Ranahavaly Andriamanitra."

79- Dia nahatsiaro Rangahy, ka nosavany ny lavenona, ka indro -nisy hazo iray lavalava hoatry ny sandry, nipetraka tao ampvoan'ny afo, ka tsy nety ho may. Dia noraisin'Ingahy Andriambololonarivo io tapakazo io, ka notehiriziny tsara. Ary nony alin'io andro nitchirizany azy io hiany, dia notsindrin'Inahavaly indray Rangahy, ka nilazany hoe :
- "Amonoy omby aho, fa noana ny bibiko, ary hitàndra sy handro aho, fa tao anatin'ny afo sy ny lavenona maloto."

80- Dia nataon'Ingahy Randriambololonarivo (raibenay) tokoa izany, dia nifandray resaka ^otany ny tsindrimandry toy izany izy, ka dia niaro azy (any Ingahy) ^otany ny loza rehetra.

81- Izany ary, tompoko, no nahitàn-dRandriambololonarivo (raibenay) an-dRanahavaly voalohany indrindra, ka lazaina aminao, raha manontany izany hianao. Ary mbola velona ao izao ankehitriny izao izany raibenay izany.

82- Ary dia hoy Andrianampoinimerina :

- "Mahagaga indray izany, ry lehiretsy, fa tsy mbola nahare toy izany aho hatr'izay nahaterahako ; izany dia zavatra nahagaga ahy indrindra, ka Andriamanitra tokoa ity, fa tsy mba hazo na ody na sampy foana !

Et le bois flamba et les flammes flamboyaient (les flammes s'élevèrent jusqu'à une hauteur égale à celle de deux maisons). Et cependant, Monsieur, notre grand-père, s'endormit tout à côté de l'endroit où l'on fit le feu, et il fut encore chevauché par l'esprit qui lui dit :

-78

- "Lorsque cette chose que vous brûlez sera bien consumée, Monsieur, fouillez toutes les cendres. Si vous y trouvez un morceau de bois que le feu n'a pu consumer, prenez-le et mettez-le en lieu sûr. Son nom est : divin Ramahavaly."

Alors il se réveilla et fouilla les cendres. Et voici : il y avait un morceau de bois de la longueur d'un bras, qui était resté au milieu du feu et qui n'avait pas voulu brûler. Monsieur Andriambololonarivo prit ce morceau de bois, et le mit en lieu sûr. Et la nuit même du jour où il l'avait rangé, Inahavaly le chevaucha à nouveau, et lui dit :

-79

- "Tuez-moi un boeuf, car mes bêtes ont faim ; et je veux me purifier et me baigner, car j'ai été dans le feu et les cendres sales."

Ingahy Randriambololonarivo, notre grand-père, le fit vraiment. Par la suite, ils conversèrent lors de semblables possessions pendant le sommeil et cela le protégea (le vieil homme) de tous les malheurs.

-80

Voilà donc, Monsieur, comment Randriambololonarivo, notre grand-père, trouva Ramahavaly pour la première fois. On vous le dit, puisque vous vous en enquérez. Notre grand père dont nous avons parlé, est encore vivant maintenant au pays.

-81

Et Andrianampoina dit :

- "Cela est étonnant, ô vous qui êtes ici ; je n'avais pas encore entendu semblable chose depuis que je suis au monde ; cela, c'est la chose qui m'a le plus étonné et ceci est vraiment un Dieu, mais pas seulement du bois, une amulette, ou un quelconque palladium."

-82

- "Eny tompokolahy, fa izany no nisehoan'ity Andriananitra ity.

83- Dia hoy Andrianampoininerina :

- "Manaly soa anareo amin'izao aho, ka samia mifidy izay tianareo avy hianareo, ka rahampitso, dia midira aty anati-rova, hilazàko izay ho fidinareo.

84- Dia nisaotra Andriana sy nanao^o tarantitra Andriana izy enindahy tanin'izay, ka lasa nody an-~~ka~~faliana, fa efa nanantena handray valin-tsoa lehibe arak'izay tiana avy.

85- Ary nony naraina ny andro, dia niditra any anati-rova izy enindahy, ary nony tonga tao, dia hoy Andrianampoininerina :

- "Inona no tianareo havako ary : (miantso ilay 3 lahy zanak'Andriana). Hijanona aty amiko (1) va hianareo, ka hiara-hitana any Imahavaly aty isika, sa hody hianareo, ka ho didiko ny isan-pangady any^o amy ny tany misy anareo, ho anareo ?

86- Ary koa :

- "Inona no tianareo 3 lahy vahoakako ; hataoko Amboninjato aty va, sa hody, ka hataoko lehibe any^o amy ny tany misy anareo ?

87- Izao ary no ampifidiko anareo, ka fidio izay tianareo.

88- Dia mba niteny Ratsimifaitsa, ka nanao hoe :

- "Masina ho ela-velona hianao Andrianampoininerina ; "Masaka ny voa-roy, ka ny tànako roa tsy indray mananty ; many ny safidy, ka izay toy ho fidiko toa hanenenako" ; koa raha tianao, tompoko, mba mangataki"

1) Ms : amika

- "Oui, Monsieur, car c'est bien ainsi que ce Dieu fit son apparition."

Andrianampoinimerina dit :

-83

- "Maintenant je vais vous récompenser. Que chacun de vous six choisisse ce qu'il désire personnellement ; cependant que chacun de vous commence par bien réfléchir cette nuit. Et demain, entrez à l'intérieur de l'enceinte royale. Je vous dirai alors les choix que je vous propose.

Alors les six hommes remercièrent le Roi et lui souhaitèrent longue vie ; puis ils rentrèrent chez eux dans la joie, car ils espéraient déjà recevoir une grande récompense conforme au désir de chacun.

-84

Et le matin suivant, les six hommes entrèrent dans l'enceinte royale. Dès leur arrivée, Andrianampoinimerina dit :

-85

- "Vous mes parents, que préférez-vous donc ? (Il s'adressait aux hommes fils de prince). Resterez-vous ici chez moi que nous y gardions ensemble Inahavaly ? ou rentrerez-vous que je décide que vous soit attribué l'impôt-sur-la-bêche dans la région où vous êtes établis ?"

Et aussi :

-86

- "Que préférez-vous, vous mes trois sujets ? vous ferai-je chef de cent en ce pays-ci ? ou rentrerez-vous que je fasse de vous les puissants dans la région où vous êtes établis ?"

Voilà donc les choix que je vous propose ; aussi choisissez ce que vous préférez ?

-87

Ratsimifaitsa se permit alors de prendre la parole pour dire :

-88

- "Soyez sanctifié pour vivre longtemps, vous Andrianampoinimerina. Les framboises sont mûres, et je ne peux tendre mes deux mains à la fois pour les recevoir ; les choses proposées à mon libre choix sont également douces et ce que je ne choiserais pas, il me semble que j'en

andro hadimiana (5 andro) izahay mba hieritreretany tsara ; fa ny teny maika soa-nenina any am-parany, ary ny mpisikidy tsy mahatsinjo ny farany, dia soa-dozabe ; raha mpisikidy tsy mahatsinjo ny farany, dia soa-pahavalo ; raha mpisikidy tsy mahatsinjo ny farany, soa-karetina ; raha mpisikidy tsy mahatsinjo ny farany, latsaka ampanonana ; ka "ny nenina tsy mba eo aloha hananatra, fa ao aoriana handatsa", ka izany tompoko no angatahako io andro dimy io.

89- Dia hoy Andrianampoininerina :

- "Marina izany lehiroa, fa manaiky izany aho, fa -tsara ny "miadan-koreniny noho ny nitsaraingon-kovatony".

90- Dia nisaotra sy nanao ^o tarantitra Andriana izy, dia lasa nody aminkafaliana, hieritreritra.

91- Ary nony tonga any an-tanana izy enin-dahy dia tsy nahatoetra ao antrano, fa niveaka hampiadry hevitra eny alatrano. Dia hoy ny sasany :

- "Hody aho handao fiadanana; hijanona aho, manary tanin-drazana"

Nefa ny hody hiany no manin'ny ankamaroany, fa roalahy monja no te-hijanona. Ary nony ampitso, dia lasa mba nitsangatsangana izy enin-dahy, ka tsy nisy afa-tsy io safidy io hiany no ambetin-dresaka nataony tany anin'izay nalehany rehetra ; ary tsy nety nijanona ^o any ny adi-hevitra izy enin-dahy ireo, na andro na alina, ambara-pahatapitra ny fetr'andro hadimiana, ka efa saiky tsy nisy niamparan'ny heviny, fa -izay tsy ho fidiny toa anenenany.

aurais du regret. Aussi, si vous le voulez, Monsieur, nous oserons demander cinq jours pour bien réfléchir. En effet, la parole hâtive est une grâce (qui devient) regret en fin de compte, et le devin qui ne peut percevoir la fin, devient la proie d'un grand malheur ; si le devin ne peut percevoir la fin, il devient la proie de l'ennemi ; si le devin ne peut percevoir la fin, il devient la proie de la maladie ; si le devin ne peut percevoir la fin, il tombe dans le regret. Et, le regret, ne vient pas au début pour conseiller mais bien après pour narquer". C'est pourquoi, Monsieur, je vous demande ce délai de cinq jours.

Andrianampoinimerina dit :

-89

- "C'est vrai, ô toi ; je l'accepte car il est bon de venir à pas lents pour être considéré comme une mère plutôt que d'intervenir hors de propos pour être considéré comme une adolescente."

Ils rendirent grâce et souhaitèrent longue vie au Prince, puis rentrèrent chez eux dans la joie pour y méditer.

-90

Et quand les six hommes arrivèrent dans le clos, ils furent incapables de rester dans la maison, et sortirent dans la cour pour confronter leurs idées. L'un dit :

-91

- "Retourner au pays natal, c'est abandonner une situation aisée. Rester ici, c'est renier le pays de mes ancêtres."

Cependant c'est la possibilité de retourner au pays natal qui souriait à la majorité, car il n'y avait que deux hommes qui désiraient rester. Le lendemain, les six hommes allèrent se promener ; mais c'est encore cette question de choix qui fut le principal sujet de conversation tout au long du chemin ; jusqu'à la fin du délai de cinq jours, les six hommes ne purent s'empêcher de continuer à discuter, que ce fût de jour ou que ce fût de nuit. Peu s'en fallut que leur esprit échoua à faire un choix définitif, car il leur semblait qu'ils auraient du regret pour ce qu'ils ne choisissaient pas.

- 92- Ary nony tonga ny fetr'andro nangatahiny, dia nampanalain'ny Andriana izy enin-dahy, ka nanontaniany hoe :
- "Alao amin'izao ary izay tianareo^o amy ny safidy tianareo hamaliako soa anareo.
- 93- Dia hoy izy efa-dahy (ireo no niray hevitra) :
- "Raha nampifidy anay hianao, fa tsy nandidy, dia nozarazarainay ny hevitra, ary natokotokonay ny saina, ka ny tsy fahafizana anao no ambony indrindra ; nefa ny fitiavan-bady aman-janaka nisy koa ; ka hizarazara izahay, tompokolahy ; ka ny handeha tsy zoto, ary ny hi-petraka tsy laina fa -ny aty tsy maintsy ametrahana, ary ny any tsy maintsy amelàna. Ka indreo Andriamahazonoroarivo sy Ingaina apetrakay hitaiza anao aty, tompokolahy ; ary izao kosa izahay no handeha tsy laina : Ratsiniadihitsiny sy Ratsimifaitsa sy Rabajilo sy Rananitsero.
- 94- Dia hoy Andrianampoininerina :
- "Indry ary ny vola ho an'ny mpandeha ariary 400 , ka sany nanana ariary 100 avy hianareo efa-dahy ; ary lamba 12, sany nanana lamba 3 avy ; ary indreny koa olona 30 lahy hanatitra anareo. Ary indry koa vola ariary 20, homenareo (1) ny vady aman-janakareo sy ny ray aman-dreninareo ; ary iny koa vola 40 (2) ho an'ny ray aman-drôniny sy ny vady aman-janany any. Ary ny amin'izy roa-lahy hijanona kosa dia tsy addinareo intsony, fa adidiko kosa izay hahasoa azy.
- 95- Dia nisaotra Andriana sy nanao^o tarantitra izy efa-dahy, ka lasa nianatsimo (3) hody nitondra ny olona 30 lahy sy ny andevo 40 (4) efa azony etc.

1) Ms : menareo

2) Vola a. a été barré et remplacé par vola. cf. n.4.

3) Ms : niananatsimo

4) En (4) navesatra ny vola a été barré et remplacé par ny andevo 40 efa azony etc. Les corrections sont d'une autre main. S'agit-il d'argent ou d'esclaves ? La première correction pouvant être une correction manquée, il s'agirait donc là de 40 esclaves.

Et au terme du délai demandé, le Roi les fit venir tous les six et leur demanda: -92

- "Prenez donc maintenant ce que vous préférez des récompenses que j'ai proposées à votre choix.

Les quatre hommes (ceux-là qui étaient de la même opinion) dirent :

- "A partir du moment où vous nous avez fait choisir et où vous n'avez pas tranché, nous avons répartis les idées et nous avons regroupés les opinions. Et ce qui apparut sur le dessus, ce fut le mal que nous avions de renoncer à vous. Mais nous ne manquions pas d'amour pour nos femmes et nos enfants. Aussi nous partagerons-nous, Monsieur, cependant ceux qui partiront, ne le feront pas avec empressement et ceux qui resteront ne le feront pas par paresse, car pour ici il faut en laisser et pour là-bas il faut en conserver. Aussi voici Andriamahazonoroarivo et Ingaina que nous plaçons pour prendre soin de vous ici, Monsieur. Et d'un autre côté, voici ceux d'entre nous qui partiront sans empressement (1) : Ratsiniadihitsiny, Ratsimifaitsa, Rabajilo et Ramanitsero. -93

Andrianampoinimerina dit :

- "Voici donc une somme de quatre cents piastres destinée à ceux qui partent, et chacun de vous quatre en aura cent ; voici douze toges, que chacun en ait trois ; et voici aussi trente hommes qui vous accompagneront. Et voici aussi une somme de vingt piastres que vous donnerez à vos femmes et enfants et à vos pères-et-mères. Et voici encore quarante esclaves pour leurs pères-et-mères et leurs femmes-et-enfants qui sont là-bas. Quant aux deux hommes qui resteront, ne vous en souciez plus, car il n'appartient de faire ce qui leur sera profitable. -94

Les quatre hommes rendirent grâces au Prince et lui souhaitèrent longue vie, puis partirent vers le Sud pour retourner au pays natal, emmenant les trente hommes et les quarante esclaves qu'ils avaient reçus, etc.... -95

1) Le texte malgache donne "tsy laina", sans paresse. C'est incontestablement un lapsus pur tsy zoto.

- 96- Ary nony nipetraka izy roalahy, dia nanambady Andriamahazonoroarivo ; dia ny Mpanjaka no nampakatra ny vadiny, izany dia mampiseho ny fitiavany azy ; ary nony afaka roa-taona (mahery kely na latsaka kely) dia maty Ingaina ; tsara ny nitondràn'ny Andriana azy.
- 97- Ary nony afaka kely indray, dia nanam-pahadisoana Andriamahazonoroarivo ; dia nitantàra ny soa nataony izy, dia tsy matin'ny Manjaka.
- 98- Ary nony ela dia niteraka an-dRaharo Andriamahazonoroarivo. Dia niamboho Andrianampoinimerina, ka Lehidama I indray no nanjaka. Dia nanao ratsy ° tany ny fanjakana indray Andriamahazonoro, ka dia novonoina. Ary nony maty, dia hoy Raharo (zanany) :
- "Mba mangataka ° any ny Manjaka aho mba haleviko ny fatin'idada, fa Andriana tsy niady anam-paty izy.
- 99- Dia hoy Lehidama I :
- "Aleveno ary, fa izaho dia Andriana tsy niady anam-paty, ka ataovy toy ny fomban'Andriamasinavalona ny fandevenana azy, (fa Andriamasinavalona avy any Matitanana izy araky ny efa voalaza) fa "voromanompo havana".
- 100- Ary dia nifidy olona hitahiry an-dRamahavaly Radama I, ka tao ° any ny Tsimahafotsy no nahitana olona hitahiry azy, fa ny zanak'Andriamahazonoroarivo dia tsy nahazo nitahiry azy intsony na oviana na oviana.
- 101- Ao ambany ° antsinanany Faravohitra no misy ny fasana nandevenana an'Andriamahazonoroarivo , ary misy tranomanara izany fasana izany.
- 102- Ary dia Rainizafindandy, Andrianamboninolona ao Imerinandroso no nitahiry any Imahavaly ; nefa tsy nipetraka ela tamin-dRainizafindandy-Rainifiringa, dia nafindra ho amin-dRatompouara. Ary indraindray dia

Et quand les deux hommes furent installés, Andriamahazonoroarivo prit femme. C'est le Roi qui lui choisit femme, ce qui fait apparaître son amour pour lui. Deux ans plus tard (un peu plus ou un peu moins), Ingaina mourut. La conduite du Prince à son égard fut bonne. -96

Peu de temps après, Andriamahazonoroarivo commit une faute. Il rappela le bien qu'il avait accompli et le Roi épargna sa vie. -97

Longtemps après, Andriamahazonoro eut un fils Raharo. Andrianan-poinimerina trépassa et c'est Lehidama I à son tour qui régna. Andriamahazonoro se conduisit de nouveau mal à l'égard du pouvoir et il fut exécuté. Et quant il fut mort, Raharo son fils dit :
- "Puis-je demander au Roi l'autorisation d'enterrer la dépouille de mon père, parce qu'il est Prince qui n'a pas de querelle avec les morts. -98

Lehidama I dit :
- "Ensevelissez-le donc, car moi, je suis un Prince qui n'ai pas de querelle avec les morts, et suivez la coutume des Andriamasinavalona pour ses funérailles (c'était en effet un Andriamasinavalona originaire du Matitanana ainsi qu'il l'a été dit), car il était l'oiseau-qui-sert-son-parent." -99

Et Radama I fit le choix de quelqu'un pour garder Ramahavaly et ce fut chez les Tsimahafotsy qu'on trouva quelqu'un pour le garder, car les descendants d'Andriamahazonoroarivo n'eurent plus désormais le droit d'en avoir la garde. -100

C'est vers le bas du versant oriental de Faravohitra qu'il y a le tombeau où l'on a enterré Andriamahazonoroarivo, et ce tombeau possède une maison froide. -101

Et ce fut Rainizafindandy, Andrianamboninolona d'Imerimandroso qui eut la garde d'Imahavaly. Mais il ne demeura pas longtemps chez Rainizafindandy-Rainifiringa, avant d'être déplacé chez Ratompoara. -102

nafindra ony ambanivohitra, dia entina miakatra indray, fa entin-dRadama I nandeha hanory tany sy fanjakana tamin'izay nandehany rehetra: Tany Anosin-drano, tany Iharambazaha, tany Antsakalava, tany Inenabe, tany Ankavandra, tany Antongodrahonja etc., izay tany manodidina rehetra^o nampandriny Lehidama I.

103- Ary dia nody Lehidama tamin'izay, fa avy nanafika, ka tonga ao Antananarivo, dia nifaly araky ny fanao amin-dRamahavaly Andriananitra ka nitabataba tamin-pifaliana ny Ambanilanitra ; fa Radama tonga soa aman-tsara tany an-tafika ; Inahavaly tonga soa aman-tsara avy nandresy ny fahavalo.

104- Dia nihira ny tao Antananarivo, ka izao no fihirany :

" Radama no mahery e !

" Tsara Andriananitra Inahavaly e

" Mahavaly ny ratsy atao

" Inahavaly e !

" Tsara, fa avy nandresy

" Soa, fa avy nandresy.

" Ny manda nihoarana tsy azo isaina

" Ny babo azo e be dia be !

" Lehidama e no tsara Miaranila, fa soa sorodany

E ! soa ny avy !

E ! soa ny ihaviana !

105- Dia averinberina ireo hira ireo, ary ny mpiantafika dia nibitaka sy namaky ampinga ery, ka sady nandihy no manakora, ka efa tsy ifandrenesana be hiany ny horakoraka, fa vahoaka be noa no niaranirebika (nandihy) sy manakora, ka efa tsy hita intsony izay laniny, fa dihy nifaly noa ka.

Et quelquefois on le déplaçait à la campagne, puis on le rapportait à la capitale, car Radama l'emportait partout où il allait, quand il par-tait rassembler la terre et le pouvoir : à Anosin-drano, à Iharambazaha, chez les Sakalava, dans le Menabe, à Ankavandra, à Antongodrahonja etc.. en somme toutes les terres du pourtour que pacifia Lehidama I.

Lors il advint que Lehidama, revenant de campagne arriva à Tana- -103
narive. Les Ambanilanitra se réjouirent selon la coutume de divin Rana-
havaly, et manifestèrent bruyamment leur allégresse, car Radama était
revenu sain et sauf d'expédition et Inahavaly était revenu sain et
sauf, ayant vaincu les ennemis.

Les gens qui étaient à Tananarive, chantèrent et voici ce qu'ils -104
chantent toujours pour cette occasion :

- " Certes, c'est Radama qui est puissant !
- " Certes, Inahavaly est un Dieu bon
- " Il est certes capable de répondre au mal que l'on fait,
- " Inahavaly !
- " Béni soit-il, car il vient de vaincre
- " Loué soit-il, car il vient de vaincre
- " Les fortifications qu'il a emportées, on ne peut les compter
- " Le butin obtenu, oui, il y en a vraiment beaucoup !
- " C'est Lehidama, oui, qui a de bons combattants, car il a de bons
soldats.
- " Oui, bénis soient ceux qui arrivent.
- " Oui, bénis soient ceux chez qui ils arrivent."

On répétait ces chants. Les combattants bondissaient de joie, -105
et de joie cassaient les boucliers ; ils dansaient tout en poussant
des acclamations, et les clameurs étaient telles qu'on ne pouvait
plus s'entendre. En effet, il y avait tant de gens à danser de joie et
à pousser des clameurs ensemble qu'on ne pouvait plus voir ce qui y net-
trait un terme, mais il faut dire que c'était une danse de réjouissance
après avoir obtenu une faveur.

106- Mijery ny Miaranila mihaingo indray ny vehivavy, ka dia ataony anaran-dihy (tonon-kira) hoe :

- " Iza no tsy ho vadin'ny ambani -benitra ry lahy e !
- " Iza no tsy ho vadin'ny ambani-benitra ry zavavy e !
- " He, tsara ny haingony,
- " He, tsara ny firebiny,
- " He tsara ny famindrany ry retsy e !
- " Mitovy toy ny nofaranana izy rehetra ;
- " Mahafinaritra fa avy nandresy,
- " Tsara, fa avy nahery.
- " Aoka ho vadin-draniamila aho,
- " Sady soa no sorodany.
- " Sambatra ny rainy anan-dreniny,
- " Fa mijery ny zaza soa avy nandresy.
- " Sambatra re ny vady ho vantâniny ny avy nandresy ;
- " Sambatra ny zanany niantso dada avy nandresy !

107- Ary nony maty Rainizafindandy dia Ratonpohara no nitahiry an-dRanahavaly Andriamanitra.

108- Ary nony nianboho Lehidana I, dia Inavo no natao hoe : Rabodo-nandrianampoinimerina na Ranavalomanjaka I, dia nanjaka nandinby azy. Dia faly ny vahoaka, fa ny ^oteraky Ilesoka no nanjaka, iray atao hoe "Tera-dRascherina, zanak'anabavin'Andrianampoinimerina". Dia nibory ny vahoaka fa ny npitahiry an-dRanahavaly no tsy nibory, (fa ny npitahiry, dia tsy mba nibory, na oviana na oviana) fa Andriamanitra onen-boninahitra Ranahavaly, ka na nibory aza ny Arbanilanitra, ka nihohoka ny tany anan-danitra, fa lassa Andrianampoinimerina, nanory, sy Lehidana, nanao salaka fohiranbo nanory izao anivon'ny riaka izao, dia nonen-boninahitra hiany Ranahavaly, fa Andriamanitra nahavita soa ^otany ny tany sy ny fanjakana.

Les femmes regardaient les militaires revêtus de leurs beaux atours et en firent le thème d'un chant à danser : -106

- " Quelle est celle qui ne serait la femme de ceux qui sont sous la baïonnette, ô les garçons !
- " Quelle est celle qui ne serait la femme de ceux qui sont la baïonnette, ô les filles !
- " Ho, que sont beaux leurs atours !
- " Ho, qu'est belle leur danse !
- " Ho, qu'est belle leur revue, ô compagnes !
- " Ils sont tous de même taille comme si on les avait égalisés ;
- " Ils sont agréables, car ils viennent de vaincre.
- " Ils sont beaux, car ils viennent de montrer leur force.
- " Puissè-je être la femme de Monsieur le Militaire, qui est tout à la fois beau et soldat.
- " Les pères et mères sont dans l'allégresse, car ils voient le bel enfant qui vient de vaincre.
- " Sa femme est dans l'allégresse, que réjouit sans détours celui qui vient de vaincre ;
- " Ses enfants sont dans l'allégresse, qui appellent un papa qui vient de vaincre".

Et quand mourut Rainizafindandy, ce fut Ratomphara qui eut la garde de divin Ranahavaly. -107

Et quand Lehidana I trépassa, ce fut Inavo qu'on appela Rabodonandrianampoininerina ou Ranavalomanjaka I, qui régna à sa suite. Et le peuple se réjouit car c'était la fille d'Ilesoka qui régnait, et l'on en dit qu'elle était de la descendance de Rasoharina, et enfant de la soeur d'Andrianampoininerina. Le peuple se rasa le crâne, mais les gardiens de Ranahavaly ne se rasèrent pas (car les gardiens ne se rasent le crâne en aucune occasion). En effet, Ranahavaly est un Dieu que l'on honore, et même si les Anbanilanitra se rasent le crâne et que le ciel et la terre se prosternent pour le départ d'Andrianampoininerina qui a rassemblé, et pour celui de Lehidana, qui s'est ceint de la ceinture aux pans raccourcis et a rassemblé cette terre qui est au milieu des mers, on honora malgré tout Ranahavaly, car c'est un Dieu qui a fait le bien pour la terre et le pouvoir. -108

- 109- Ary nony afaka ny fisaonana ^otany ny Lehidama, dia nampanalaina na tao amin-dRatonpoara Ramahavaly ho hasinin'ny Manjaka, fa "Andriamanitra nifidy ahy hanjaka izy, hoy ny Manjaka, ka hahasina azy aho".
- 110- Tao Antananarivo no nanaovana izany, ka fatratra ny laolao sy ny fifaliana ^otamin'ny Inahavaly Andriamanitra tamin'izany andro izany.
- 111- Ny Manjaka no nanasina sy nitsaoka an-dRamahavaly Andriamanitra voalohany, dia gaga ny vahoaka, raha ny Manjaka avy no mba nanasina sy nitsaoka azy. Dia samy nanasina any Inahavaly Andriamanitra avokoa Inerina enin-toko.
- 112- Lehibe tokoa ny voninahitra azon'Inahavaly Andriamanitra tamin'izany andro izany, fa ny Mpanjaka no nitsaoka sy nanasina azy eo antrehan'ny Ambanilanitra ary ny Ambanilanitra (1) koa nanasina azy ; sady tamin'io andro io indrindra no nisehoan-dRanavalomanjaka I ^otany ny Ambanilanitra voalohany, raha hanjaka izy. Koa hita amin'izany, fa lehibe tokoa ny voninahitra azony, fa raha tao ^oany ny andro izay hisehoan'ny Manjaka ^oany ny Ambanilanitra indrindra no nampisehoany an-dRamahavaly sy ny fomba aman-toeboninahitra nomeny azy toy izany, dia ny mba hampahalala ny Ambanilanitra, fa ity Ramahavaly Andriamanitra ity no miara-mitondra ny fanjakana aminy, sady anony sy lehibe fahefana noho izy aza.
- 113- Tao anati-rova ao Inanambintana (atsinanan'ny trano fito nian-dalana) no voalohan'ny nisehoan-dRanavalomanjaka I ^otany ny Ambanilanitra, dia vac teny Andohalomasina, dia nanasina an'Andriamanitra sy Andriana ny Ambanilanitra ; dia teny Imahasina, dia nanasina an' Andriamanitra sy ny Andriana ny Ambanilanitra.

1) Ms : ary ny ny Ambanilanitra.

Quand on quitta le deuil de Lehidama, on fit chercher Ramahavaly chez Ratompoara pour que la Reine lui fasse offrande, car "il est le Dieu qui m'a choisi pour régner, dit la Reine, aussi lui ferai-je offrande". -109

C'est à Tananarive qu'on fit cela. Divertissements et réjouissances furent ce jour-là nombreux pour divin Imahavaly. -110

Ce fut la Reine qui commença par faire offrande et bénit divin Ramahavaly. Le peuple fut étonné de ce que même la Reine lui ait apporté offrande et bénédiction. Puis tout l'Imerina des six provinces, chacune à son tour, fit offrande à divin Imahavaly. -111

